Ny Mariky Ny Bibidia

Misaotra anao. Ary hoy izy hoe, "Avelao aho hanafina ny tenako ao Aminao." Nahoana, heveriko fa tena tsara tarehy izany. Tiako tena, tena tsara izany. Misaotra anao betsaka.

Ary tena "Manao ahoana" iray, ho anareo rehetra, "hariva," ary homba anareo rehetra anie ny fitahian'Andriamanitra.

Ankehitriny, ilay izy, indray, izao hariva izao, dia tombontsoantsika ny manokatra an'ireo pejin'ny Teny, eto, mba hianatra. Izaho—tia mihira aho; tiako fotsiny izany. Ary mazàna aho dia milaza amin'ny olona hoe, "Rehefa tonga any An-danitra ianareo, raha tsy afaka mahita ahy manodidina ny Seza fiandrianana any ho any ianareo, dia mandehana eo amin'izay ihiran'izy ireo." Ary izaho—tiako ny ho any. Ary tiako ny hira tsara. Fa, amin'ny fotoan'ny—an'ny fivoriana ara-Pilazantsara, izay tsy maintsy andraisana fanapahan-kevitra, dia heveriko, "Hira iray na roa fotsiny, ary mankeo amin'ny Teny haingana mihitsy. Omeo ho an'ny Teny ny fotoana." Hitanareo? Satria izany no lehibe—zava-dehibe: dia mankeo amin'ny Teny avy hatrany.

Nisy olona iray tato, olona avy any ivelan'ny tanàna, nijanona tao anaty fiara tarihina izy ireo, tao ambadik'ilay toerana mihitsy, izay natao hihaonako aloha kely ny tolakandro, alohan'ny fivoriana mihitsy. Raha eto izy ireo: miala tsiny aho fa tsy nahavita nahatanteraka an'io fifamotoana io; fa hahita anareo avy hatrany aho rehefa mifarana ny fivoriana; ary mamelà ahy amin'ny filazana hoe, "Ho eto aho," nefa aho, tonga ireo zavatra hafa, ka, tsy afaka tonga teto aho tamin'ilay fotoana.

Ankehitriny, rahampitso hariva . . . Zavatra tokana foana no asongadintsika, Jesosy Kristy Tompo, izay ihany, ary na inona na inona asain'ny Sitrapony Masina hataontsika. Fa raha izany no Sitrapony Masina rahampitso hariva, eo amin'ny *Ny Tombokasen'Andriamanitra,* no horesahantsika, raha sitraky ny Tompo.

2 Ary izao hariva izao, dia hizara isika, raha Izy . . . ho Tombontsoany no hanaovantsika an'izany, na tombontsoantsika ny hanaovantsika ho Azy, raha ny marina, izao hariva izao, dia tiantsika ny hiresaka eo amin'ny iray amin'ireo lohahevitra manan-danja indrindra an'ny ora: *Ny Mariky Ny Bibidia*.

3 Ary omaly hariva isika dia teo amin'ireo taom-piangonana, *Ireo Taom-Piangonana Fito*. Ary ny fanombohana tamin'ny Taom-Piangonan'i Efesosy, an'i Efesosy; ary niafara tamin'ny Taom-Piangonan'i Laodikia, ilay taom-piangonana farany. Ary

enga anie ny Tompo hanampy an'ireo Fitahiany amin'ny Teny ankehitriny raha miresaka isika.

4 Ankehitriny dia hanondrika ny lohantsika fotsiny isika ao amin'ny fotoam-bavaka iray, alohan'ny hanokafantsika an'ity Teny Masina ity mihitsy.

5 Ray any An-danitra tsara fanahy, mankasitraka izahay ny amin'ity tombontsoa izay anananay ity izao hariva izao, ny velona, ary eto an-tany, izao hariva izao, ka manana fahasalamana sy tanjaka, ary afaka mipetraka ato anatin'ny tranobe, izay amakiana ny Tenin'Andriamanitra.

6 Ary mivavaka izahay, O ry Mpanavotra isaorana, satria Havanay Mahavotra Izay nanasa anay tamin'Ny Ràny, sy nanadio anay tamin'ny fahotana, ary ankehitriny dia manolotra anay amin'ny Ray, tsy misy fahadisoana, ao amin'i Kristy Jesosy; enga anie Ianao ho avy, izao hariva izao, ka handray ny Teny ary hanokatra an'Izany ho an'ny fonay. Enga anie ny Fanahy Masina hihazona ny Teny raha ampianarina Izany, ary enga anie Izany handeha avy hatrany hankany amin'ny tanjony, hankany amin'ny fo tsirairay, ny foko ary ny fon'ny mpanatrika. Araka ny ilanay Azy, Ray, no enga anie hanomezana Azy. Ary enga anie tsy hisy anankiray ho tafintohina amin'ny Teny. Ary, Ray, raha amin'ny fotoana rehetra izay tokony hilazako zavatra izay hifanohitra amin'ny Fitarihanao, dia enga anie hanajanona ny vavako ny Fanahy Masina. Maniry ny hahafantatra an'izay Fahamarinana irery ihany aho, ary avy eo dia mandeha ao anatin'izany.

7 Tahio izahay miaraka ankehitriny, mamelà ny fahotanay, raha miangona ato amin'ity trano fivavahana ity izahay. Ary enga anie ho eo ambanin'ny Rà ny fahotanay, ary ny fanahinay hapetraka ao anatin'ny toetra tsaran'ny fanompoana amin'ity fotoana ity. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

8 Ankehitriny, vao avy nieritreritra fotsiny aho, an'ity singan-taratasy kely eto ity, nandray naoty Soratra maro aho mba . . . hitodihana, ho vakiana, eo am-panombohana. Ary ankehitriny rehefa miakatra eto aho, dia toa tsy mahatsapa ny hamaky ny iray amin'izy ireo. Mazàna dia tahaka an'izany ilay izy; lahateny kely efatra na dimy hanombohana.

9 Fa tiako ny hamaky na hilaza an'ity aloha, hoe, eo am-piresahana, tsy nieritreritra mihitsy aho. Fantatrareo, angamba, tahaka fotsiny . . . Tsy nanomana an'izay ho lazaina mihoatra noho ianareo aho, hitanareo, tsy misy zavatra iray. Miandry Azy fotsiny aho. Ary arakaraky ny ahitako azy fotsiny, no anatsorako ny tànako ka maka azy, ary manolotra azy. Ary avy eo matetika dia mety toa mafy kely ilay izy, indraindray, saingy izany fotsiny no fomba tokana andraisako azy. Koa izany no—izany no fomba tokana azoko anomezana azy.

10 Ankehitriny, ao amin'ity, aoka izany . . . mamelà ahy hilaza indray izao hariva izao. Tsy alefa mivantana mankany amin'ny isam-batan'olona na fivavahan'olona izao, hitanareo, tsia tokoa. Tsy mino an'izany isika. Mino isika fa tena Amerikana marina tokoa, ka ny olona tsirairay dia afaka manana tombontsoa hanompo an'Andriamanitra arak'ireo didin'ny fieritreretany manokana. Ary tahaka an'izany foana no itiavantsika azy. Fa, ao amin'ny fiangonana tsirairay, dia manana foto-pampianarana isika.

11 Matetika, ao amin'ireo rafi-pandaminana, ireo anaram-piangonana, dia manana fanekem-pinoana iray izy ireo. Ary mijanona eo amin'io fanekem-pinoana io izy ireo hoe, "Ity no fanekem-pinoanay." Tsy mampaninona izay heverin'ilay mpitoriteny, tsy maintsy mitory an'ilay fanekem-pinoana izy, satria ao anatin'ilay anaram-piangonana izy.

12 Fa ato, tsy manana fanekem-pinoana afa-tsy Kristy isika, izany ilay fanekem-pinoana; ary tsy manana lalàna afa-tsy fitiavana; tsy manana boky afa-tsy ny Baiboly. Ary Kristy no Loha; ary ny Baiboly no bokintsika; ary izao tontolo izao no paroasiko. Noho izany dia tiako—tiako ny hitory teny fotsiny amin'ny fomba izay ahatsapako voatarika hitory, ary arak'izay ahitako azy fotsiny.

13 Ary avy eo amin'ity fotoana ity, eo am-piresahana indrindra eo amin'ity ampahany tena mafy, sarotra, mandrantsana an'ny Filazantsara ity, fa, fantatrareo, ity no tranon'ny fitsarana. "Ny fitsarana dia manomboka ao amin'ny" (aiza?) "tranon'Andriamanitra." Marina. Eto no manomboka ny fitsarana. Ary misy . . . Raha nandeha nankany amin'ny fitsarana ianareo, ka tsy maintsy nanana raharaham-pitsarana iray, dia manana bokin-dalàna iray izy ireo any, tsy maintsy mamaky an'io lalàna io izy ireo, mba hahita hoe ho an'ny inona no itsarana anareo. Ary tahaka an'izany ny ao amin'ny tranon'Andriamanitra, tsy maintsy maka an'ilay izy avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra isika.

14 Ary ankehitriny, matetika, ao amin'ireo zavatra ireo, mba hahazoanareo antoka fa azonareo ity ankehitriny, hoe, mety ho diso aho. Mety ho diso ny fandikako. Fa miezaka aho ny mamaky Azy tsara fotsiny, ary milaza tahaka ny Lazainy fotsiny. Mijanona tsara fotsiny amin'ny Soratra, izay Lazainy ho lazaina.

15 Ary ankehitriny dia mampalahelo loatra, na . . . Angamba mety tsy sitrapon'ny Tompo ilay izy, ary mety ho izany, tsy fantatro, hoe, tiako ny hanana herinandro sy herinandro ao amin'ity Boky ity, hijanona eto mihitsy fotsiny ary mandinika azy mifamatotra amin'ny Daniela, ary Daniela sy Apokalypsy, ary mifatotra ao amin'ireo mpaminany.

16 Ary ny Tenin'Andriamanitra manontolo dia mifamatotra miaraka mihitsy ny kely tsirairay. Boky enina amby enim-polo,

nosoratan'olona maro, an-jatony taona nisaratsaraka, nefa tsy misy anankiray manohitra an'ilay iray hafa, tsy misy anankiray. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia tanteraka. Tsy nisy literatiora iray nosoratana tahaka Azy mihitsy, ato amin'izao tontolo rehetra izao.

17 Izy ireo dia efa, nandritry ny roa arivo taona, niezaka nanova ny Vavaky ny Tompo. Manampy teny anankiray amin'Izany, na manaisotra Anankiray avy amin'Izany, manao Azy ho tsaratsara kokoa. Tsy afaka manao an'izany fotsiny ianareo. Oh, tanteraka Izy. Izany no Tenin'Andriamanitra.

18 Ary mino aho fa ny—ny Baiboly dia ny Tenin'Andriamanitra voatsindrimandry. Voatsindrimandry ny Teny tsirairay an'Izany. Tsy mino aho hoe *ity* fotsiny no tsy voatsindrimandry, fa *ity* dia izany, ary *itsy* dia izany. Mino aho fa voatsindrimandry Izy rehetra. Na marina daholo Izy na diso daholo; ary raha mifangaro tanteraka Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy fantatsika izay hatao. Fa Izany dia, ny kely tsirairay, ny Fahamarinana. Vonona ny hanolotra ny aiko amin'ny fotoana rehetra aho ho an'izay HOY NY TOMPO HOE eto.

19 Ankehitriny, ireo hariva vitsy ireo fotsiny no ananan'izy ireo ankehitriny. Ary, eo amin'izay ihany, dia hanana ny fivoriana Sabotsy hariva isika, hanohy avy hatrany na izany aza, hanana ny . . .

20 Nilaza ny sasany amin'ireo olon'ny fiangonana fa izy ireo dia . . . satria maloto, rehefa tonga ato am-piangonana ny Alahady maraina, ka nilaza ny sasany tamin'izy ireo fa hijanona izy ireo ny Sabotsy hariva, aorian'ny fivoriana, ka hanampy hanadio ny fiangonana mba tsy ho voatery ho tonga ny olona amin'ny Alahady maraina, na ny . . . na tsy voatery hiasa izy ireo ny Alahady, mba—mba handamina ny fiangonana. Isika tsy . . . Tiantsika . . . Tsy Sabatista iray aho, kanefa tiako ny hanaja ny—ny fanompoana tsara arak'izay vitako mihitsy.

21 Ary ankehitriny, noho izany, dia heveriko fa hanao filazana aho rahampitso hariva, angamba, raha sitraky ny Tompo, an'izay horesahantsika amin'ny Sabotsy hariva.

22 Ankehitriny, izao hariva izao dia: *Ny Mariky Ny Bibidia*. Ary rahampitso hariva: *Ny Tombokasen'Andriamanitra*. Izy ireo no anankiroa indrindra an'ny . . . Heveriko, lohahevitra manan-danja indrindra ho resahana amin'izao andro izao, satria mino marina tokoa aho fa miaina ao amin'ny fotoan'ity fitsaran'Andriamanitra manao fanadihadihana ity isika. Mino aho fa ao amin'ny andron'izany mihitsy isika. Ary tsy te-ho ara-pototra isika. Tsy te-ho fanatika isika. Tiantsika fotsiny ny hanatona an'izany madio mihitsy araka ny hitenenan'ny Baiboly azy eto; ary tanteraka Izany, mazava ho azy.

23 Ary ankehitriny eo am-panaovana an'ity, dia mandre olona maro be isika, amin'izao andro izao, miresaka mikasika ny

mariky ny bibidia. Efa nandre an'izany nandritry ny ela ianareo hoe, "Inona izany? Iza no manao an'izany? Aiza? Iza no hahazo an'izany? Ary raha manana an'izany izy ireo, inona—inona no hataon'izany amin'izy ireo? Inona? Inona? Mety handratra anareo ve izany? Misy ve—misy mandratra ve amin'izany?"

24 Eny, ankehitriny, izany no—no tiantsika ho hita avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, aloha hoe, "Raha misy mariky ny bibidia iray voateny ao anatin'ny Baiboly?" Ary ny zavatra manaraka hoe, "Taona inona no hifandraisan'izany? Ary olona iza no hanana azy? Ary inona no hataonareo? Mety hanana azy ve ianareo nefa tsy mahafantatra an'izany?" Sy ny sisa, izany, ireo fanontaniana tahaka an'izany fotsiny. Noho izany, amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako, fa—fa ity no ho anankiray amin'ireo lohahevitra roa manan-danja indrindra izay azoko eritreretina ao amin'ny Baiboly, *Ny Mariky Ny Bibidia,* sy *Ny Tombokasen'Andriamanitra.*

25 Ankehitriny, ny voalohany, manana Soratra iray haseho aho eto raha . . . na voasoratra fotsiny, mba ahafahako hitodihana amin'Izany fotsiny, ary izany dia Masindahy . . . Mba hanombohana, dia ndao isika hijery hoe inona ny mariky ny bibidia, ary, "Mampidi-doza ve ny manana an'io marika io? Izany ve?" Ankehitriny ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-14 ary ny andininy faha-9, ny hafatr'ilay anjely fahatelo izany. Ankehitriny, ny mpahay Baiboly rehetra . . .

26 Mahita an-dRahalahy Stanley aho eto, ary mpitoriteny roa na telo amboniny mipetraka manatrika. Ary omaly hariva dia nisy rahalahy vitsivitsy teto avy tamin'ny seminera Batista any Louisville, ary angamba misy sasantsasany izao hariva izao. Tsy fantatro. Ary misy Metodista angamba, Batista, Katolika, ary mety ho Jiosy Ortodoksa. Tsy fantatro. Fa ilay izy dia tsy . . .

27 Tsy ny handratra ny fihetseham-pon'ny olona izao; tsia mihitsy. Ary ilay izy fotsiny dia ho . . . Araka ny nanoratana ny Baiboly fotsiny, hamakiana Azy, ary mamela anareo hijery Azy, samirery. Ary ndao isika hanatona Azy madio mihitsy arak'izay fantatsika hoe ahoana, amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra, mahafantatra fa hitsara antsika ny amin'ireo tenintsika Izy. Ireo tenintsika dia na hitahy antsika na hanameloka antsika amin'ny Andron'ny Fitsarana.

28 Ary raha tsapako fa mahafantatra zavatra aho, nefa mihazona an'izany, amin'izay fotoana izay dia hampandoa ahy an'izany Andriamanitra amin'ny Andron'ny Fitsarana; ary ireo fanahy miaraka amin'ny tànany, manao hoe, "Rahalahy Branham, raha mba niteny taminay fotsiny mantsy ianao, dia tsy ho ao amin'izao toerana izao izahay androany."

29 Tiako ny hijoro tahaka an'i Paoly fahiny hoe, "Afaka amin'ny ràn'ny olona rehetra aho. Fa tsy nafeniko fa nambarako taminareo ny sain'Andriamanitra manontolo." Marina izany,

arak'izay ahitako Azy fotsiny; ary raha diso aho, amin'izay fotoana izay dia hamela ahy anie Andriamanitra. Ireto zavatra ireto dia tsy tonga mihitsy . . . Tsy nandeha tany amin'ny seminera iray mihitsy aho, tsy nandeha tany amin'ny sekoly iray mihitsy, tsy nandray tenin'olon-kafa mihitsy mikasika Azy. Nandeha avy hatrany tao amin'ny Baiboly aho, tao amin'ny vavaka. Ary ity dia voambaran'ny Fanahy Masina tamin'ny Fahamasinana, ilay Anjelin'Andriamanitra iray ihany izay nitarika ahy mba hahita fahitana sy ny sisa tahaka an'izany, sy ny fanasitranana ny marary. Ary afaka mitsara amin'ny alàlan'izany ianareo na ho marina Izany na tsia.

30 Ankehitriny, ity no hafatr'ilay anjely fahatelo, ho an'izao tontolo izao. Ary mba fantatrareo moa, ny hafatr'ilay anjely fahatelo, izany dia mivoaka ankehitriny amin'izao andro izao. Izao no fanidinan'ny hafatr'ilay anjely fahatelo, raha mpamaky Baiboly iray ianareo.

31 Nisy loza telo nanaraka an'izany. Ny voalohany dia nitranga tao amin'ny Ady Lehibe Voalohany. Ny faharoa dia nitranga tamin'ny Ady Lehibe Faharoa. Hitanareo izay idirantsika ankehitriny. Eny àry. Eo amin'ny faran'ny làlana isika.

32 Ankehitriny dia aoka hataontsika ao an-tsaintsika izany, alohan'ny hamakiantsika ny Soratra. Ara-toerana, dia tsy maintsy ao amin'ny taona farany isika. Mandra-pahoviana? Tsy fantatro; tsy misy anankiray mahafantatra.

33 Fa, jereo, ndao raisintsika ny fitenenana ara-tantara. Ireo roa arivo taona voalohany, dia tonga teo amin'ny fiafarana iray ny lamin'izao tontolo izao, ary nandrava an'izao tontolo izao tamin'ny rano Andriamanitra. Fantatrareo ve izany? Avy eo dia nivoaka tahaka ny tontolo iray vaovao izy. Ary ny roa arivo taona faharoa, dia tonga teo amin'ny fiafarany indray izy, ka nandefa an'i Jesosy Andriamanitra. Marina ve izany? Ity no faran'ireo roa arivo taona manaraka, 1954. "Ary ny Filazantsara," hoy Jesosy, "hafohezina ilay asa," (Nohon'ny inona?) "nohon'ny voafidy, fa raha tsy izany dia tsy ho nisy nofo novonjena," ho tena ratsy fanahy izany. Noho izany dia eo amin'ny andro farany isika. Ary avy eo ilay fahafito, ao amin'ny tandindona, dia ny Arivo taona, arivo taona iray.

34 Tahaka ny niasan'Andriamanitra mafy nandritry ny enina arivo taona, dia fantatsika fa ny arivo taona . . . "Ny indray andro any An-danitra dia arivo taona eto an-tany," Petera Faharoa. Hitanareo? Ankehitriny, ary nanorina an'izao tontolo izao tao anatin'ny enina arivo taona Andriamanitra. Ary ilay Fiangonana dia niasa mafy nanohitra ny fahotana ankehitriny nandritry ny enina arivo taona. Ary ilay arivo fahafito, dia nandeha nitsahatra Andriamanitra, ary nitsahatra tamin'ny fahafito; ary ankehitriny dia tandindona iray an'ny Arivo taona, ilay Fiangonana izay hiaina eto an-tany, eto mihitsy ao amin'ny

endrika vatana, mandritry ny arivo taona, tsy misy aretina, alahelo, olana, na fahafatesana. Io taona lehibe, volamena io dia tonga ankehitriny! Oh, ho an'izany! Oh, tiako ilay hira hoe:

> Misento ny tany, miantsoantso an'ilay andrompanafahana mamy,
> Rehefa hiverina eto an-tany indray Jesosy.

Tiako izany.

> Hitsahatra ny fahotana sy alahelo, fanaintainana sy fahafatesan'ity izao tontolo izao maizina ity,
> Ao amin'ny fanjakana iray be voninahitra miaraka amin'i Jesosy an'ny arivo taonan'ny fiadanana.

Hoy ny Baiboly hoe, "Nanapaka sy nanjaka arivo taona niaraka tamin'i Kristy izy ireo," Arivo taona iray.

Ankehitriny, ity hafatry ny anjely fahatelo ity, mialoha indrindra ny Fihavian'ny Tompo, rehefa voapetaka ilay Tombokase sy ilay marika. Ankehitriny, hisy fanangonana lehibe iray, fanangonana iray.

35 Any Andrefana, rehefa mandeha izahay, nahazatra ahy, zatra aho hatramin'ny naha-zazalahy ahy, nandeha ho an'ny fanangonana amin'ny Lohataona sy ho an'ny fanangonana amin'ny Fararano, mandeha mankao amin'ireo tendrombohitra ary mampidina an'ireo biby fiompy. Ary rehefa mahazo ny biby fiompy rehetra izay mety hitanay izahay, avy amin'ny toerana tsirairay, amin'izay fotoana izay izahay dia manala ny rehetra amin'ireo tsi-. . . ireo izay tsy anay. Ny anay dia mitondra marika iray, ary voaisy marika izy ireo. Ary ianareo raha mba . . .

36 Misy olona efa mba nahita an'ireo mariky ny biby fiompy ireo ve? Tena zavatra iray ho dinihina ireo mariky ny biby fiompy ireo. Nalahelo an'ilay ombivavy aho taloha. Ary loto iray mahatsiravina mankarary rehefa manomboka manisy marika biby fiompy ianareo. Mamana an'ilay vy fanasiana marika no asako taloha, mitondra an'ilay vy. Ary mametraka azy eo amin'ilay omby vositra tanora, ary mifatotra ny tongony; ary mametraka an'io marika io eo aminy, ary mendy ny volo sy ny nofo; mametaka godorao kely eo amboniny, ary mamotsotra azy. Ary miresaka ny amin'ny hoe mandeha! Mandeha marina tokoa izy. Saingy, jereo, voaisy marika izy.

37 Ary tahaka an'izany no anaovan'Andriamanitra antsika. Tsy maintsy mandohalika eto amin'ny alitara ianareo ary voafatotra tanteraka, matetitetika. Fa, rahalahy, rehefa hany mametraka marika iray eo aminareo ny Fanahy Masina, mety manao hazakazaka sy antsoantso iray ianareo, saingy voaisy marika ianareo. Marina izany. Eo ianareo. Rehefa mandalo ilay Sefo, dia Fantany izay ikambananareo.

Fa, oh, ho an'io iray taona very làlana io, io sakaiza izay voaheloka ho lavina eo anivon'ireo—ireo tambanivohitra io.

38 Ankehitriny, ny fotoan'ny fanisiana marika. Ary ankehitriny dia mpitaingin-tsoavaly anankiroa ihany no hisy ao amin'izany, izany dia ho Andriamanitra sy Satana. Satana haka ny azy, ary Andriamanitra haka ny Azy. Izao hariva izao isika dia hahita hoe iza no mitondra ny marik'i Satana, ary rahampitso hariva isika dia hahita hoe iza no mitondra ny marik'Andriamanitra, araka ny Tenin'Andriamanitra.

39 Ankehitriny dia ity no hafatr'ilay anjely, ny andininy faha-9-n'ny toko faha-14. Hamaky ny sasany amin'ireto Soratra eto ireto, izay nosoratako. "Ary ilay anjely . . . "

> *Ary nanaraka azy ireo ilay anjely fahatelo, nilaza tamin'ny feo mahery hoe, Raha misy olona miankohoka amin'ny bibidia sy ny sariny, ka mandray ny marikany eo amin'ny handriny, na . . . tànany,*
>
> *Dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay naidina tsy nisy fangarony tao anatin'ny kapoaky ny fahatezerany; sady . . . hampijaliana amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ireo anjely masina, sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry:*

40 Azo antoka fa tsy te-hanao na inona amin'izany aho! Jereo.

> *Ary ny setroky ny fijalian'izy ireo dia* niakatra *mandrakizay sy mandrakizay: ary izy ireo dia tsy nanana* fiadanana *andro* na *alina, izay miankohoka amin'ny bibidia sy ny sariny, ary na iza na iza* mandray *ny mariky ny anarany.*

41 Tsy te-hanao na inona na inona amin'izany aho, azoko antoka. Hia. Henoy ilay andininy manaraka, raha mbola mijery azy aho.

> *Indro ny faharetan'ny olo-masina: indro ireo izay mitandrina ny didin'Andriamanitra, sy* manana *finoana* an'i *Jesosy* Kristy.

42 Ankehitriny ny toko faha-15, ary ny andininy faha-2. Ary ny . . . Henoy ankehitriny, ao amin'ny toko faha-15 ary ny andininy faha-2. Ankehitriny, namaky avy tao amin'ny faha-14 isika teo, ary ny andininy faha-9. Ankehitriny ny faha-15, ary ny andininy faha-2.

> *Ary nandeha ny voalohany, ka nampidina ny tao an-doviany tamin'ny tany; dia nilatsaka ny mampahory . . .* vay *ratsy teo amin'ny . . . olona izay nanana ny mariky ny bibidia, ary teo amin'ireo izay* niankohoka *tamin'ny sariny.*

Ny toko faha-16 ary ny andininy faha-2.

> Ary *miaraka amin'izay nijangajangan'ireo mpanjakan'ny tany, ary ny mponina tamin'ny tany dia mamon'ny divain'*ny fahatezeran'ny *fijangajangana*.

43 Iray minitra fotsiny. Mamelà ahy. Namadika aho, tsy maintsy namadika roa tamin'izy ireo indray mandeha. Eny àry. Ankehitriny ny toko faha-20 ary ny andininy faha-4. Eny àry, eto no misy antsika.

> *Ary nahita seza fiandrianana aho, ary* ireo izay *nipetraka* teo *ambonin'izy ireo, ary nomena azy ireo ny fitsarana: ary hitako ny fanahin'ireo* izay *notapahin-doha nohon'ny filazana an'i Jesosy* Kristy, *sy nohon'ny tenin'Andriamanitra, ary izay tsy niankohoka teo amin'ilay bibidia, na ny sariny, na nandray* ny *marika teo amin'ny handriny, na teo amin'ny* tànany; *ary velona sy nanjaka niaraka tamin'i Kristy arivo taona izy ireo*.

44 Tsy afaka mandray ny mariky ny bibidia ary avy eo dia manompo an'i Kristy na hiaraka Aminy. "Fa na iza na iza miankohoka amin'ny bibidia na ny sarin'ny bibidia, dia hampijaliana eo anatrehan'Andriamanitra sy eo anatrehan'ireo anjely masina." Izany no lazain'ny Tompo mikasika an'izany.

45 Ankehitriny dia hanomboka isika. Mamadiha ao amin'ny Baibolinareo ankehitriny ao amin'ny toko faha-13-n'ny Apokalypsy, dia hanomboka isika afaka fotoana fohy fotsiny. Ankehitriny dia tena zava-dehibe ity. Ary henoy tsara mihitsy ankehitriny.

46 Voalohany, dia tiantsika ny handray ny lohahevitsika avy amin'ny omaly hariva. Omaly hariva isika dia naka teo amin'ireo taom-piangonana, hoe, ahoana fa nahita an'i Jesosy nitsangana tao amin'Ny Fiangonany isika, "Niteny tahaka ny feon'ny ranobe; ary nanana volo tahaka ny volon'ondry Izy; ireo maso tahaka ny lelan'afo."

47 Tsarovy, ny rehetra—ny Apokalypsy dia fahitana iray, ary mari-pamantarana. Ny rehetra amin'izany dia manana dikany iray, noho izany dia tsy maintsy mandinika tsara ianareo. Vakio ireo mpaminany, jereo ny dikan'ireo mari-pamantarana, avy eo dia ampitahao eto izany mba hahafantaranareo hoe inona marina tokoa ny dikan'ireo mari-pamantarana.

48 "Nanana maso tahaka ny lelan'afo," mandeha mandroso sy miverina manerana ny tany. Ary hitantsika fa ireo lelan'afo ireo, mitovy . . . "Sabatra, sabatra iray no nivoaka avy teo amin'ny Vavany, ary sabatra roa lela," ary hitantsika fa izany dia ny Tenin'Andriamanitra izay nivoaka avy teo amin'ny vavan'ilay Fiangonana. "Ary nandidy hatrany amin'ny tsokan'ny taolana mihitsy aza Izany, ary mpamantatra an'ireo eritreritra sy fisainan'ny fo," Hebreo ny toko faha-4.

49 Hitantsika ilay Fiangonana mitsangana eo ao amin'ny Fahatsarany; Kristy voalasitra fotsiny ao anatin'Izany! Ary

ilay Fiangonana dia nanao "akanjo" fotsy. Ary mahamarika ianareo, fa vehivavy iray Izany, "manodidina ny nono," nanana akanjo nanarona ny Fahamenarany Izany; ary nanana "kofehy volamena" iray nipetraka nanodidina an'izany, izay nihazona an'izany nanodidina ny nono. "Fotsy," miresaka ny amin'ny fahamarinan'i Kristy; ary ny "kofehy volamena" dia naneho ny Filazantsara. Ny fitoriana ny Filazantsara no mitondra ny Fanahy Masina eo amin'ilay Fiangonana, ny fahamarinan'i Kristy; mihazona an'izany eo, nifatotra tamin'ny tady, ilay tady sikina.

50 Avy eo Izy dia nitsangana teo, "ny tongotra tahaka ny varahina, izay voadoro tao anaty lafaoro." Varahina dia miresaka ny amin'ny fitsarana Masina. Ary Andriamanitra, mba hampitony ny Fianianany lehibe izay Nataony, dia nandefa an'i Kristy Izy, ka Kristy no nandoa ny fitsarana Masina. Ary noho izany dia mifototra eo ambonin'ny fitsarana Masina ilay Fiangonana, Kristy no mijoro eo amin'ny Toerany. Sary iray tsara tarehy toy ny inona, "Mijoro ao anatin'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito!"

51 Ary avy eo dia hitantsika fa, ilay taom-piangonana voalohany, izay nananan'izy ireo. Firy no teto omaly hariva, hitako ve ny tànanareo? Eny àry, tsara izany. Ilay taom-piangonana voalohany, dia hitantsika, tao amin'ny Taom-Piangonan'i Efesosy, nanana ny batisan'ny Fanahy Masina izy ireo. Ary nanao batisa olona tao anaty rano izy ireo, ary izy ireo dia nanana ny . . . Ary tsy maintsy nanaraka an'ilay mpino ireo karazana famantarana rehetra.

52 Ary ahoana, tao amin'ny taom-piangonana tsirairay, no nanombohan'Izany nanjavona. Ny fihodinana faharoa, fihodinana fahatelo, avy eo dia nandalo an'ilay taona maizina. Ary nivoaka niaraka tamin'ny anarana sandoka iray izy ireo, niaraka tamin'ny batisa sandoka iray, ho an'ny rano sy Fanahy Masina.

53 Ary avy eo dia nanohy izy ireo, ilay taona manaraka, ka nahazo hazavana kely izy ireo. Ary avy eo dia nisy varavarana iray nipetraka, ho an'ny fanokafana, teo anelanelan'ny Taom-Piangonan'i Filadelfia sy Laodikia.

54 Ary avy eo dia lasa matimaty ilay Laodikiana ka nivily niala tamin'Izany tanteraka, hany ka nandoa azy avy tamin'ny Vavany Andriamanitra. Marina izany. Izany no Soratra.

55 Ary ny mpahay tantara rehetra sy ny mpino ortodoksa rehetra dia mahafantatra fa ireo Taom-Piangonana Fito ireo, na "Fanaovan-jiro Volamena Fito," araka ny nolazain'ny Baiboly, dia ireo Taom-Piangonana Fito. Tahaka ny anaovan'ny Testamenta Taloha tandindona ao amin'ilay Vaovao eto, sy tahaka ny nivoahany fotsiny.

56 Fa tsy maintsy misy fanozongozonana lehibe iray sy fifohazana iray mialoha mihitsy ny famaranana ny fizaram-potoan'ny Jentilisa, alohan'ny handraisan'ny Jiosy Azy indray.

57 Tsarovy, voafetra fotsiny ihany ny Jentilisa, ampaham-potoana ho an'ny fahasoavana. Hoy ny Baiboly hoe, "Hanitsaka ny rindrin'i Jerosalema izy ireo," hoy Jesosy, "mandra-pahatapitry ny fizaram-potoan'ny Jentilisa." Marina izany. Manana fe-potoan'ny famaranana iray voafaritra izy.

58 Ary hitantsika ireo zavatra izay nataon'izy ireo tany aoriana tany. Mahamarika an'ireo famantarana sy fahagagana izay nanaraka azy ireo isika, ahoana no nitenenan'i Kristy tamin'izy ireo fa mahafinaritra izany, ary ahoana izy ireo. Avy eo dia nanomboka lasa niha-nanjavona sy niha-nanjavona ilay Hazavana, maty. Ary avy eo talohan'ny famaranana mihitsy, dia tsy maintsy nisy varavarana iray hafa nisokatra napetraka ho an'ilay Fiangonana. Ankehitriny dia ndao isika hijanona eto mihitsy alohan'ny hidirantsika ao amin'izany. Mariho, ndao isika handray faminaniana iray izay tonga ato an-tsaiko. Hoy ny mpaminany hoe, "Hisy andro iray izay sady tsy alina na andro."

59 Mafy loatra ve aho? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Raha vitanareo, dia afaka manitsy kely an'izany ianareo. . . Fantatro fa manako ilay izy, ary izany no antony iresahako mafy kely, mba hahazoan'ny olona any aoriana antoka fa mandre an'izany. Satria, tena manan-danja Ity.

60 "Ary hisy fotoana iray, andro iray," hoy ny mpaminany, "izay sady tsy ho alina na andro." Amin'ny teny hafa, dia hisy hazavana, saingy handrahona izany, hitanareo, andro mandrahona iray. "Fa amin'ny andro hariva dia hisy Hazavana." Sary iray tsara tarehy toy ny inona!

61 Ankehitriny, rehefa miposaka ny mangiran-dratsy eo amin'io andro mandrahona io, izany dia midika fa hisy ady, sy olana, sy ambony-sy-ambany, sy fizaram-potoana, sy fiangonana, sy isma, ary ny zavatra rehetra. Tsy ho hazavana izany na aizina. Izany dia ho fotoana iray izay ahafantarantsika fa misy Andriamanitra iray, ary misy Filazantsara iray, saingy tsy afaka mahita tsotra fotsiny amin'ny alàlan'Izany izy ireo. Fantatrareo ve izay tiako lazaina? Hilaza izy ireo hoe, "Ny Baiboly dia nilaza fa izy ireo dia nanao an'*ity* tany aoriana tany tamin'ny Pentekosta, nanao an'*ity* izy ireo tao amin'ilay Fiangonana voalohany, nanana an'ireo famantarana sy fahagagana izy ireo, saingy ny—ny fiangonanay tsy mampianatra an'Izany." Hitanareo, mandrahona iray izany, sady tsy maizina na andro. "Saingy, kanefa, mino an'i Jesosy Kristy izahay. Mino Ny Fihaviany faharoa izahay, ary fantatray fa ho avy Izy."

62 Hoy ny Baiboly hoe, "Sady tsy ho hazavana izany na aizina." Tsy afaka hiantso an'izany ho andro ianareo, ary tsy afaka

hiantso an'izany ho alina. Fa, mariho, "Amin'ny andro hariva dia hisy Hazavana," amin'ny andro hariva!

63 Rehefa ireo vahoaka tatsinanana . . . Ity Boky ity dia Boky tatsinanana iray; ny Baiboly izany. Rehefa nangiran-dratsy ny Hazavana teo amin'ilay Fiangonana voalohany, tany Efesosy, eny, tsaroantsika sy hitantsika izay niseho tany; nentina tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy ny Hazavan'Andriamanitra, tamin'ny firotsahana voalohany an'ny Fanahy Masina. Nanome Hazavana ho an'izao tontolo rehetra izao izany, ka nanoratra ny Baiboly. Marina ve izany?

64 Ankehitriny dia nampanantena Izy, ho an'ny tany tandrefana, ny masoandro dia miposaka any atsinanana, amin'ny fiandohan'ny fizaram-potoan'ny fahasoavana, ary ankehitriny dia milentika any andrefana ny masoandro, eo amin'ny vahoaka tandrefana. Vahoaka tandrefana isika. Ary nampanantena Izy fa hisy fifohazana iray ary hisy Hazavana amin'ny andro hariva. Eto isika. Mamiratra ny Hazavana, "ary tsy mandray an'Izany ny aizina." Izay ilay izy. "Tia an'ireo asa ratsy kokoa ny olona noho ny itiavan'izy ireo an'ireo asa tsara."

65 Fa vonona ny hanjavona ery amin'ny faravodilanitra ery izy. Ary ilay Hazavana kely izay ananantsika, mifikira amin'Izany. Jereo, Izany dia ilay masoandro iray ihany izay niposaka tany teo amin'ireo Jiosy, no milentika eo amin'ireo Jentilisa. Nanerana ny taona rehetra eto, nanerana an'ireo roa arivo taona ireo, izy ireo dia nanana an'*ity*, sy *itsy*, ary ireo rafi-pandaminana sy fizaram-potoana, ary *ity* sy *itsy*. Ary tsy fantatry ny olona hoe aiza no itsanganan'izy ireo.

66 Fa mampanantena ny Baiboly, nampanantena Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny mpaminany, fa, "Amin'ny andro hariva dia Hazavana." Hisy Hazavana amin'ny andro hariva. Mino aho fa eto isika. Milentika ny masoandro. Misento ny natiora rehetra, miantsoantso an'io andro io. Mariho.

67 Ankehitriny dia hitantsika, hoe, inona no nananan'izy ireo tao amin'ilay taom-piangonana voalohany mihitsy, nanana foto-pampianarana hafahafa iray izy ireo. Ny zavatra voalohany, dia lasa "asa" vitsivitsy fotsiny ilay izy. Hoy Izy hoe, "Halanao ireo asan'ny Nikolaita."

68 Manontany aho hoe inona ireo Nikolaita? Nokarohako izany, ary nanerana ny tantara, hatrany sy hatrany ary hatrany, nanerana an'ireo fanehoan-kevitra tsara indrindra izay nety hitako, fa tsy nisy olona afaka mahafantatra, afa-tsy hoe izany dia foto-pampianarana iray izay natomboky ny lehilahy iray, Nic, Nicolas, izay natao ho iray amin'ireo apostoly izay somary nivily làlana. Nanangana fanekem-pinoana iray ho azy izy, na zavatra hafa, ary teo no nanomboka ireo Nikolaita. Asa izany, aloha. Ary izay "asa" tao Efesosy, tao amin'ilay taom-

piangonana manaraka dia lasa "foto-pampianarana." Ary avy eo dia niditra nankao amin'ireo taona maizin'ny fanenjehana.

69 Ankehitriny io foto-pampianarana Nikolaita iray io ihany izay nanomboka teo tao amin'ilay fiangonana voalohany, taorian'ny fifandimbiasana telo voalohany na efatra an'ireo apostoly, dia lasa asa iray izany. Nanomboka nihevitra izy ireo hoe, "Eny, ho *ity* Izany." Ankehitriny ianareo rehetra dia mahafantatra hoe ahoana no nahatongavany, ary ianareo mpamaky Baiboly.

70 Ankehitriny, izany dia nanomboka teo amin'ny A.D. 600 ary . . . na 306, izay antsoin'izy ireo hoe ny fiovam-pon'i Constantin. Tsy niova fo mihitsy izy. Ilay zalahy izay nanao an'ireo zavatra maloto izay nataon'io lehilahy io, dia tsy niova fo mihitsy. Marina izany. Ny zavatra tokana nataony, izay nanana ny—ny fivavahana tao amin'izany mihitsy, dia nametraka hazo fijaliana iray izy teo amin'ny fiangonana Masimbavy Sophie. Tsy zavatra iray ve izany, handehanana any An-danitra? Eny àry. Niteny tamin'ireo Kristiana izy, fa raha mandresy amin'io ady io izy, dia ho lasa Kristiana iray. Dia nivavaka izy ireo. Ary nandeha izy ka nandresy tamin'ny ady, na naharesy tamin'ilay ady, dia niverina ka nanao hoe, "Eny, hikambana amin'ny fiangonana aho." Tena tandindona tsara tarehy an'ilay mambram-piangonana matimaty amin'izao andro izao mihitsy. Marina izany. Nametraka an'ilay hazo fijaliana teo ambonin'ilay fiangonana.

71 Taorian'ny fahafatesany . . . Nanana zanakalahy roa izy, zanakalahy telo; Constantin, Constance, ary Constantinople, ka izany no nanomboka nanao ny atsinanana sy andrefan'i Roma, ary nisaraka izy ireo. Ary tao anatiny tao, avy eo, dia lasa Fanapahana Ottoman, nandritr'io fotoana io.

72 Ary avy eo, izy ireo, teo amin'ny fifandimbiasana faharoa, na fahatelo, fifandimbiasana fahefatra an'ireo apostoly; ary avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, nanomboka nifamaly izy ireo. Ary nisaraka izy ireo, isma kely iray.

73 Ny olona rehetra, alaivo ny fiangonana iray . . . Eo, rehefa tao amin'ny hery io fiangonana Metodista Wesleyana io, dia nanana hery izy rehefa teo i John Wesley. Nanana ny Loterana, tamin'ny androny; ary ny tsirairay avy. Fa avelao ho faty ilay mpanorina, indray mandeha, fa amin'izay fotoana izay no mivily làlana izy ireo.

74 Rehefa niseho voalohany ny Tompo tany aoriana tany; rehefa nila ahy hanomboka izy ireo, hanao rafi-pandaminana iray eo amin'Ity, sy ny sisa tahaka an'izany. Nandeha tany aho, ary nahita an'izay nasian'i Dwight Moody, ilay mpanorina malaza, an'ilay Moody Bible Institute. Dia nieritreritra aho hoe, "Raha afaka nijery an'ity Bible Institute ity i Dwight Moody; izay notohanan'io lehilahy io, sy izay ataon'izy ireo ankehitriny!"

75 Eny, hoy aho hoe, "Jereo eto, jereo, ahoana moa—ahoana moa raha i Wesley, Calvin, Knox, Finney, Sankey, na Finney, ny iray amin'izy ireo, no afaka hitsangana androany, ka mahita hoe aiza no misy ny fiangonan'izy ireo!" Oh, oadray! Hitanareo, ny fifandimbiasana voalohany, rehefa mitsangana eo ilay lehilahy, dia mihazona ny Fahamarinana izy.

76 Jereo Dr. Dowie any Zion City, nahoana, amin'izao andro izao, dia mihomehy eo amin'ny tavan'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy ireo, nefa ilay—ilay tanàna dia nifototra teo ambonin'izany. Fa rehefa maty i Dowie, tamin'izay fotoana izay no tonga izay. . . Blake, John Lake ary izy rehetra ireo. Tamin'izay fotoana izay, ny zavatra voalohany fantatrareo, nitangorona izy ankehitriny hany ka miditra ao anatin'izany ny Assemblées de Dieu, ary andiana mpanara-pototra goavana iray sy ny zavatra rehetra. Ary ilay—vita ny amin'ilay fiangonana sy niverin-dàlana, ary ao anatin'ny toerana mahatsiravina.

77 Noho izany dia ity no hitako, hoy ny Baiboly hoe, "Nanompo tsara ny Tompo i Davida tao amin'ny taranany."

78 Noho izany dia hoy aho hoe, "Tompo, tsy mila rafi-pandaminana aho. Avelao aho hanompo Anao amin'ny foko rehetra, raha mbola velona eto aho." Marina izany. "Ny manaraka, dia hanana lehilahy hafa iray Ianao rehefa lasa aho. Hanana olona iray Ianao haka ny toerany." Izay ihany.

79 Aza manandrana manorina eo ambonin'ny iray hafa. Tsy afaka mandrehitra afo iray eo amin'ilay tany iray ihany ianareo. Tsy maintsy nanohy nanao dia i Isiraely. Rehefa nijanona izy ireo, dia niverin-dàlana. Tsy maintsy nanohy nandroso isan-kariva izy ireo; nandrehitra afo vaovao isan-kariva; nanohy nandroso fotsiny. Ary izany no tsy maintsy ataontsika. Tsara ny nananan'i Luther; ho an'ny andron'i Luther izany. Tsara ny nananan'i Wesley; andron'i Wesley izany. Izay nananan'ny fahamasinana, tsara izany; andron'izy ireo izany. Miaina ao amin'ny andro iray hafa isika. Ankehitriny isika dia—mandroso isika. Ary raha hisy andro iray aoriantsika, dia hitovy ihany izany. Fa ndao isika handeha ao amin'ny Hazavana raha mbola eto ny Hazavana.

80 Ankehitriny, ary izao no voamariko, hoe, ao anatiny ao io foto-pampianarana io dia lasa, ny zavatra voalohany fantatrareo, hany ka nizarazara ho andiana isma izany, tamin'izay fotoana izay no niova fo ireo Romana. Ankehitriny, ilay fanapahana Romana, hatramin'ny andron'i—nanapahan'i Roma voalohany ka nahazoany an'izao tontolo izao Jentilisa avy tany Grèce, taorian'ny fianjeran'i Alexandre le Grand, no firenena nanjakazaka teto amin'izao tontolo izao; ireo vahoaka Romana, ilay taonan'ny Jentilisa. Daniela no niteny an'izany, tao amin'ny fahitana. Ho tonga eo amin'izany isika, afaka—afaka

minitra vitsy. Fa izy foana no nanana ny hery nanjakazaka teo amin'izao tontolo izao; ireo Romana.

81 Ary avy eo dia hitantsika eo, arak'izany, fa nandrafitra fiangonana iray izy ireo. Niangona niaraka ny andian'olona iray, teo amin'ny 606, ary niantso ny tenany hoe, "ireo mopera voalohany," ireo moperan'ny fiangonana. Tonga niaraka ireo vondron-dehilahy ka nanao fivoriambe mikasika an'izay tsy maintsy hataon'izy ireo, ary nanao rafi-pandaminana iray izy ireo.

82 Ary mamelà ahy hiteny eto, ry sakaizako Kristiana malala, ny Protestanta sy Katolika. Ary ankehitriny, ataoko fa manana sakaiza Katolika aho mipetraka eto; tsy milaza an'izao aho mba handratra ny fihetseham-ponareo. Satria, mahareta fotsiny mandritry ny minitra vitsy fotsiny, dia hampidirintsika ao anatin'izany ihany koa ny Branham Tabernacle, hitanareo, iray minitra fotsiny. Tsy maintsy mitory ny Filazantsara araka ny nametrahana Azy eto isika. Tsy mampaninona na aiza . . . Hoy Jaona hoe, "Mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo ny famaky," avelao hanidina eny amin'izay tiany hanidinana ireo sila-kazo. Marina izany. Tsy maintsy manapaka an'ireo hazo sy ny sisa izy.

83 Fa, jereo, tao anatiny tao izy ireo no nandrafitra an'ilay fiangonana voalohany. Ary nikambana izy ireo ka nandrafitra an'ilay fiangonana voalohany, izay nantsoina hoe fiangonana maneran-tany, na ny fiangonana Katolika ao Roma. Ary milaza ny Katolika fa izy no "fiangonana reniny." Ary izany marina tokoa no fahamarinana. Izy no fiangonana renin'ny rafi-pandaminana. Marina tokoa. Izany no fotoana voalohany, ao amin'ny tantara rehetra an'izao tontolo izao, izay hany nisy fiangonana voarafitra iray; tsy mbola nisy mihitsy, hatramin'ny fiandohan'ny fotoana.

84 Tamin'ny andron'i Isiraely, izy ireo dia tsy—tsy rafi-pandaminana iray izy ireo. Taranaka iray izy ireo, fa tsy rafi-pandaminana iray. Ary izy ireo . . . Tsy nandrafitra fiangonana iray mihitsy Jesosy Kristy. Tsy nisy anankiray tamin'ireo apostoly hany nandrafitra fiangonana iray. Ary tsy nisy fotoana hatramin'izay, taorian'ny taranaka telo na efatra nanaraka azy ireo, hany nandrafetan'izy ireo fiangonana iray. Tiako ianareo hitondra ny tantara ka hametraka ny rantsan-tànanareo eo amin'ny . . . Asehoy ahy izay misy an'izany. Ary efa namaky an'i Josephus sy ireo mpahay tantara malaza indrindra izay ananantsika eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao aho, izay fantatro, satria tsy maintsy mahazo antoka aho. Manao an'izao filazana izao eo anatrehan'ny olona an'arivony aho; tsy maintsy afaka manohana sy manaporofo an'izay resahanareo ianareo. Marina izany. Tsy nisy rafi-pandaminana iray mihitsy. Ary tsy . . .

85 Ary tsy i Masindahy Petera mihitsy no nanorina ny fiangonana Katolika. Mila tantara anankiray aho, na Soratra kely bitika anankiray. Lehilahy iray nanambady i Masindahy Petera. Ianareo nilaza fa papa iray izy. Tsy nety ho papa iray izy. Lehilahy iray nanambady i Petera. Hoy ny Baiboly hoe, "Ny renin'ny vadiny dia nandry nararin'ny—ny tazo, ka nanasitrana azy Jesosy." Ary araka ny fantatro, dia tsy tany Roma mihitsy i Masindahy Petera. Ary tsy misy tantara izay hany maneho fa tany Roma izy. Ary fahadisoana iray izany.

86 Fa nandrafitra izy ireo ary niara-nanorina fiangonana iray nantsoina hoe fiangonana maneran-tany. Teo no nanaovan'izy ireo vavaka maneran-tany iray. Nanana firindrana tanteraka izy ireo; ny olona rehetra tsy maintsy miaraka, ny olona rehetra milaza an'ilay zavatra iray ihany. Ilay vavaka iray ihany no natao tsianjery.

87 Ary nanangona andian-tSoratra iray izy ireo, nanala azy ireny avy tamin'ny Baiboly, maro amin'izy ireo, ary nanamboatra hafa. Tsy misy afo fandiovana voalaza na indray mandeha aza ao amin'ireo Boky masin'ny Baiboly; tsy misy "arahaba ry Maria," tsy misy na inona na inona tahaka an'izany. Mifanohitra foana izany, manohitra an'izany, hatraiza hatraiza ao amin'ny Soratra. Tsy nisy mihitsy izany, tamin'ny fotoana rehetra. Ary raha mahita toerana iray ianareo, dia manana tombontsoa ianareo ho tonga rahampitso hariva ka hanitsy ahy. Tsy ao izany, na aiza na aiza; ento ny pretranareo na ny pasiteranareo. Tsy misy toerana, ao amin'ny Soratra, izay hany nilaza an'izany.

88 Ilay boky kely tokana, an'ireo Makabe, izay nampiana tao amin'Ity, dia tsy voatsindrimandry; ireo zavatra izay napetraka tao anatin'Ity, na nesorina avy tao amin'Ity. *Ity* Baiboly ity no Anankiray tokana. Ny . . . Efa fantatr'ireo mpanorina voalohany Izy, na ny iray amin'ireo mpahay tantaram-piangonana voalohany, na tamin'ny andro rehetra an'ny Jiosy Ortodoksa, ary tsy nahafantatra afa-tsy ity Baiboly izay ananantsika androany ity.

89 Ankehitriny, noho izany, ao amin'izany, henoy tsara ankehitriny. Ankehitriny dia mihevitra ve ianareo fa mahazo fanitsiana iray ny Katolika? Vetivety fotsiny, hitanareo.

90 Ankehitriny, noho izany dia nandrafitra an'ilay fiangonana Katolika izy ireo, ary nanomboka fanenjehana iray, mba hanaovan'izy ireo . . . Ianareo tsy maintsy nanao ny olona rehetra, hatraiza hatraiza, ny fiangonana sy ny fanjakana, hikambana miaraka, ary mitondra avy ao amin'i Roma mpanompo sampy mankao amin'ny Roma papaly. Amin'ny teny hafa, avy amin'ny finoanoam-poan'ny mpanompo sampy, no nananganan'izy ireo ny Kristianisma tao amin'ny fomban'izy ireo manokana. Hitanareo? Tsy nety azon'izy ireo hoe nahoana io olona io no hitsangana ary hivavaka amin'ny tsinontsinona.

Mpanompo sampy izy ireo, noho izany dia nampidina an'i Venus fotsiny izy ireo ary nampakatra an'i Maria; nampidina an'i Jupiter izy ireo, nampakatra an'i Petera; karazana sarivongana iray hivavahana. Ankehitriny, ary nivavaka teo anatrehan'izany izy ireo. Ary nanamboatra vavaka iray maneran-tany izy ireo, nanao tsianjery an'izany tamin'ny teny Latina mba tsy hahadiso an'izany mihitsy, sy ny sisa, nanao tsianjery an'ilay zavatra iray ihany foana izy ireo.

91 Ary tsy afaka hifamaly na hiady hevitra amin'ny pretra Katolika iray ianareo, na amin'ny Katolika, eo amin'ny fototry ny Baiboly.

92 Nisy anankiray nipetraka, io pretra tanora eto io, nipetraka tany an-tranoko vao haingana mihitsy. Hoy izy hoe, "Ianareo Protestanta, mamaky ny Baiboly ianareo ary mijanona any an-trano. Izahay Katolika mandeha any am-piangonana ary mivavaka."

Hoy aho hoe, "Saingy inona? Izay ilay izy. Ankehitriny dia valio aho amin'izany."

Hoy izy hoe, "Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany."

93 Hoy aho hoe, "Izy . . . Tsy misy pentin-tSoratra anankiray miteny an'izany." Hoy aho hoe, "Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. Hoy Izy hoe, 'Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho marina.'"

94 Hoy izy hoe, "Tsy mihevitra ve ianao fa ilay vondron-dehilahy manontolo, manao fivoriambe miaraka, dia ho fahefana betsaka noho ny lehilahy anankiray fotsiny?"

95 Hoy aho hoe, "Tsia. Raha ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny lehilahy anankiray, dia manana ny Fahamarinana izy." Voaporofo foana izany.

96 Tahaka ny tamin'i Josafata sy Mikaia, ireo lesona izay vao avy nananantsika indray andro, ny Alahady lasa, rehefa nandeha teo i Mikaia. Ary mpitory teny efajato no nitsangana, nanao hoe, "Miakara! Momba anao ny Tompo. Miakara! Momba anao ny Tompo."

Hoy i Josafata hoe, "Tsy misy anankiray amboniny ve eto?"

Hoy izy hoe, "Misy an'i Mikaia, saingy halako izy."

Hoy izy, "Ndao isika hihaino izay lazainy."

Hoy izy, "Miakara, saingy nahita ny Isiraely nihahaka aho."

Hoy izy, "Tsy efa niteny taminao ve aho?" Hitanareo?

97 Noho izany, dia iza no nanana ny marina, teo? Nefa mpaminany efajato niofana no nitsangana teo anatrehan'ilay lehilahy, kanefa holy-roller antitra kely anankiray rovidrovitra nitsangana teo no nanana ny fahamarinana. Marina izany. Marina izany. Nanana izy. Nanana ny fahamarinana izy.

Voafelaka teo amin'ny vava izy ary voakapoka, ny amin'izany, saingy nanana ny fahamarinana izy.

98 Noho izany dia tsy mampaninona na firy no milaza an'*ity,* na firy no milaza an'*itsy,* ilay izy dia izay HOY NY TOMPO HOE. Marina izany. Tsy maintsy mitsangana irery ianareo, matetika, rehefa mijoro eo amin'ny Tenin'Andriamanitra, fa mahazoa antoka hanohana an'izay nolazain'ny Tompo.

99 Ankehitriny, nandrafitra an'io fiangonana io izy ireo, vatana lehibe, ilay fiangonana Katolika, dia ilay manjakazaka eo amin'ny fivavahana rehetra, amin'izao andro izao, ao amin'ny faritra Kristiana, dia ny Katolisisma. Fa hoy izy ireo hoe, "Ianareo tsy mila . . . Izahay tsy . . . "

100 Hoy ianareo hoe, "Aiza no ahitanareo hoe 'aza mihinankena'? Aiza no ahitanareo hoe 'tsy manambady ny pretra'? Aiza no ahitanareo an'izany?"

101 Hoy izy ireo, "Tsy mampianatra ny Baiboly izahay." Hoy izy ireo, "Ny fiangonana no feo. Tsy mampaninona izay lazain'ny Baiboly; ilay izy dia izay lazain'ny fiangonana."

102 Fa hoy Andriamanitra hoe, "Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho marina." Ankehitriny dia tsy maintsy manao ny safidinareo ianareo.

103 Ankehitriny, lasa foto-pampianarana iray io Nikolaita io, ary avy eo dia lasa fanenjehana iray. Ankehitriny, indro fa tonga eto izany amin'ny andro farany. Avy eo dia tonga ny rano an-tany efitra iray, nandritr'ireo taona maizina sy ny fanenjehana; avy eo dia tonga ny fihenana iray, teo amin'ilay fanavaozana voalohany, dia i Martin Luther. Nanohitra ny fiangonana Katolika i Martin Luther, noho izany dia nandeha teo izy ka naka an'ilay kominio . . .

Dia hoy izy ireo hoe, "Ity no vatan'i Kristy."

104 Hoy izy hoe, "'Tsy vatan'i Kristy io. Hostia io. Izay ihany ny amin'io."

105 Izy ireo dia mino fa eokaristia masina iray izany, satria, "Ny *eokaristia masina* dia midika hoe 'Fanahy Masina.' Ka rehefa mandray an'izany ianareo, dia mandray ny Fanahy Masina ao amin'ny vatanareo." Fa diso izany.

Ny Fanahy Masina dia ny batisan'ny Fanahy.

106 Tsy hoe, "Rehefa tonga tanteraka ny Andron'ny Pentekosta, dia nanatona ny pretra iray ka nanome azy ireo ny eokaristia masina, hostia iray teo ambonin'ny lelan'izy ireo." Na tsy hoe, "Nanatona ny mpitory teny iray ka namafy rano vitsivitsy teo amin'izy ireo, ary nandray ny tànan'izy ireo," ihany koa. Tsia, tompoko.

107 "Fa tonga ny feo iray avy any an-danitra tahaka ny rivotra mahery mifofofofo, izay nameno ny trano izay nipetrahan'izy

ireo." Izany no Soratra. Izany no marina. Izany no nitranga tao amin'io Fiangonana io, ary izany no nitranga rehefa namiratra ilay Hazavana tamin'io andro io. Teo no nivoaka ny Hazavana tany; ary indro eto no mivoaka ny Hazavana.

108 Ankehitriny raha misy Soratra iray, izay tononiko, izay isalasalana, dia apetraho fotsiny izany eo ambonin'ny... Homeko anareo ny toerana izay misy an'izany, hitanareo, ao amin'ny Soratra. Eny àry. Mazava ho azy, ao amin'ny fotoana kely tahaka an'ity fotsiny...Mazàna, rehefa mianatra Azy hatramin'ny farany isika, dia maka herinandro sy volana. Ny Soratra tsirairay mihitsy, mandahatra azy, dia mila ny olona miaraka amin'ny Baiboliny. Fa, rehefa isalasalana Izany, dia ampahafantaro fotsiny aho. Eny àry.

109 Avy eo, Martin Luther. Avy eo, taorian'i Martin Luther, dia tonga i John Wesley.

110 Nivoaka niaraka tamin'ny katesizy i Martin Luther, zavatra betsaka mihitsy. Nivoaka niaraka tamin'ny batisa iray izy, nivoaka nanome trinite iray, batisa triniterana izay tsy nampianarina ao amin'ny Baiboly mihitsy, tsy nampianarina ao amin'ny Baiboly mihitsy. Tsy nisy olona mihitsy hany natao batisa tamin'ny batisa triteista, ao amin'ny Baiboly. Raha izany no izy, dia avia asehoy ahy izay misy an'izany. Tsy ao izany.

111 Ny fomba tokana izay nanirahana azy ireo hatao batisa, dia, "Mandehana ka ampianaro ny firenena rehetra," hoy Izy tany aoriana tany, "ka manaova batisa azy ireo amin'ilay Anarana," tsy hoe amin'ny anarana, "amin'ilay Anarana; Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Ary nitodika avy hatrany ireo mpianatra ka nanao batisa ny olona rehetra tamin'ny Anaran'i "Jesosy Kristy," ary, nirahina fa raha nisy olona iray natao batisa tamin'ny fomba hafa, dia tsy maintsy tonga ka haverina hatao batisa indray alohan'ny ahafahan'izy ireo hahazo ny Fanahy Masina. Ary indro tonga ny fiangonana Katolika...

112 Itadiavo toerana anankiray eo amin'ny Baiboly izay nisy olona iray hany natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Tena banga izany, sa tsy izany? Amin'ny Sabotsy hariva dia harivan'ny fanontaniana, halaiko izany, hahitsintsika izany. Eny àry. Eny àry. Mila olona iray aho izay afaka maneho amiko toerana iray izay nisy olona iray hany natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," dia hiala eto amin'ny polipitra aho ka hilaza fa mpihatsaravelatsihy iray aho. Ary ny olona rehetra izay natao batisa tamin'ny fomba hafa, dia tsy maintsy tonga ka naverina natao batisa indray tamin'ny Anaran'i "Jesosy Kristy," mba handray ny Fanahy Masina. Marina tokoa izany. Izany no nolazain'ny Baiboly.

113 Ankehitriny, hitanareo, maka foto-kevitra isika raha tokony ho ny Fahamarinana. Ankehitriny dia jereo ny Soratra. Aza milaza, hoe, "Eny, Rahalahy Branham no nilaza." Jereo ny

Soratra ankehitriny. Raiso ny konkordansanareo ka amarino izany. Ary avy eo vantany . . .

114 Mariho, ny tsirairay avy tamin'ireo taom-piangonana ireo dia nanana Ny Anarany, mandra-pahatongany nanerana an'io taom-piangonana maizina io.

115 Ary, jereo, nanao tandindona izany tany aoriana tany tao—tao amin'ilay fiangonana Ortodoksa. Rehefa niseho ilay taona maizina indrindra, an'ireo Jiosy, dia rehefa i Ahaba, tao amin'ny fanambinana taorian'ny—taorian'ilay mpanjaka lehibe talohany; ary talohan'izany, dia nanana an'i Isiraely tao amin'ny toerana iray tsara tarehy tanteraka. Ary tonga i Ahaba toy ny mpino iray mpanara-driandrano, toerana matimaty iray, ary nandeha ka nanambady an'io andriambavy kely io, Jezebela, izay mpanompo sampy iray, ary nampiditra azy, ka nampiditra fanompoan-tsampy tao Isiraely. Tsy tsaroanareo ve izany? Ilay tandindona tena tsara tarehy.

116 Rehefa nivady tamin'ny Romanisma ny Protestantisma, dia nampiditra fanompoan-tsampy tao amin'ny Kristianisma indray izy ireo, tao amin'ilay taona maizina; marina—marina tokoa, ara-jeografia.

117 Ankehitriny dia diniho rehefa tonga eo amin'ity ilany ity izany. Inona no azonareo eto? Mpisolo iray an'ny Fanahy Masina; hostia iray. Mpisolo iray an'ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy; Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Nosoloin'izy ireo ny zavatra rehetra. Afaka maka aho ka manaporofo amin'ny alàlan'ny Soratra; solony aorian'ny solony.

118 Ary nifanaraka tamin'izany i Martin Luther. Tonga i John Wesley niaraka tamin'ilay zavatra iray ihany, ary nifanaraka tamin'izany. Tsy nisy olona iray mihitsy hany, ao amin'ny Baiboly, hany nofafazana. Tsy nisy mihitsy izany karazan-javatra izany. Tsy nisy izany karazan-javatra izany ao amin'ny Baiboly, tsy nisy fanirahana na baiko ho an'izany mihitsy, saingy avelanareo izany. Marina izany. Avelanareo izany. Mivoaka izy ireo dia maka an'io fitoeran-tsira kely io ary mamafy an'izany aminareo. Nahoana? Ny fiangonana Katolika no nanomboka an'izany, ary miondrika amin'izany ianareo. Marina.

119 Nilaza ny lehilahy iray, indray andro, nanao hoe, "Ianao tsy ny . . . Ianao, tsy hoe tsy Katolika fotsiny ianao. Ianao dia . . . "

120 Hoy aho hoe, "Tsia, rahalahy. Protestanta aho. Manohitra an'ilay zavatra aho." Marina izany. Amin'ny maha-mpitoritenin'ny Filazantsara, miaraka amin'ireo zanak'Andriamanitra eto ho kandidàko eto, ho an'ny Lanitra, ary tsy maintsy mitory ho azy ireo aho ary mipetraka eo anatrehan'izy ireo amin'ny maha-mpampianatra iray miaraka amin'ny famantarana sy fahagagana, dia ho mpihatsaravelatsihy iray aho raha tsy nanohana an'izay marina. Hoy aho hoe, "Eny,

tompoko. Hijoro aho, raha mamono ahy izany. Hijoro aho. Izaho—hampianatra an'izay Baiboly fotsiny aho."

121 Ary vonona aho, amin'ny fotoana rehetra, ny hiady hevitra an'Izany amin'ny olona rehetra, hitanareo; aoka izy ho papan'i Roma, na arseveka, na inona izy. Hitanareo? Eny, tompoko. Marina izany. Raha diso aho, dia avia asehoy ahy. Ankehitriny, tsy diso aho, satria manonona ny Soratra aho. Ianareo . . . Tsy handray ny bokinareo aho. Ity no Boky, *eto* mihitsy.

122 Ankehitriny, noho izany, mahamarika ianareo, nanomboka nivoaka niaraka tamin'io ara-pototra rehetra io izy ireo.

Ankehitriny, amin'ny andro farany, dia ho tonga ny fanenjehana iray.

123 Ankehitriny isika dia, eo, amin'ny Apokalypsy ny toko faha-13 ankehitriny, eo am-panombohana. Ankehitriny raha hanamarika ianareo, ao amin'ity toko eto ity, voalaza hoe, "Nijery aho, ka indro, nitsangana teo ambonin'ny tendrombohitra Sinay ny Zanak'ondry iray . . . " Tsia, mamelà ahy, ao amin'ilay andininy tsy izy aho, ilay toko tsy izy, ny faha-14. Toko faha-13:

> . . . *Nitsangana teo ambonin'ny* fasiky *ny ranomasina aho, ka nahita bibidia iray* niakatra *avy tao amin'ny ranomasina, nanana loha fito sy tandroka folo, ary teo ambonin'*ireo *tandroka nisy satroboninahitra folo, ary teo ambonin'ny—ambonin'ny lohany nisy anarana fitenenan-dratsy.*

124 Inona ny *fitenenan-dratsy*? Izany dia "maneso, manao tsinontsinona, miresaka mikasika ny." Diniho ankehitriny, izy dia nanana "loha fito, tandroka folo." Ary diniho fa izy "dia niakatra avy tao amin'ny ranomasina." Ankehitriny Apokalypsy 17, ianareo izay mandray naoty an'izany, 17:15, nilaza fa ireo—fa ireo *rano* dia maneho "hatevenana sy vahoaka betsaka." Noho izany ity *bibidia* ity dia maneho "hery, fahefana tsy masina." "Bibidia mpihaza no niakatra avy teo amin'ny olona, ary nitsangana teo ambonin'ny fasiky ny ranomasina izy. Ary hitako ilay bibidia . . . "

> *Ary ilay bibidia izay hitako dia tahaka . . . ny leoparda, . . . ny tongony* dia *tongotra bera iray, . . . ny vavany . . . vavan'ny liona: ary ilay dragona nanome azy ny heriny, sy . . . sezany, ary fahefana lehibe.*

125 "Ilay dragona!" Manana zavatra anankiroa eo ambanin'ny fiheverana isika ankehitriny. Diniho ity bibidia ity. Nanana toetra efatra samihafa izy tao aminy.

126 Ary raha haka an'ny Daniela 7 ianareo, ianareo izay mandray naoty an'izany, Daniela 7. Nahita an'ilay fahitana iray ihany i Daniela, valonjato taona talohan'ity, nahita an'ilay

fahitana. Hitany ireo bibidia ireo, nisaraka, ny iray amin'ny iray hafa, tamin'ny fiandohan'ny fanapahan'ny Jentilisa.

127 Ary indro izy ireo, nahita an'izany i Jaona, ary ny fiafaran'ny fanapahan'ny Jentilisa, ireo bibidia efatra rehetra ireo dia voaseho ao amin'ny anankiray. Ireo devoly tranainy iray ihany ireo, ireo demony izay nanana ny fanjakana tsirairay an'ireo Romana, nanerana ny rehetra, ary ireo Grika, sy ny sisa, nandritry ny fizaram-potoan'ny Jentilisa, dia tonga avy hatrany ary nikambana tao anatin'ny bibidia anankiray ny rehetra. Hahita azy isika, avy hatrany, ka hahita hoe iza izy. Marina. Ireo rehetra ireo, leoparda, liona, io rehetra io, ilay dragona. Firy no mahafantatra hoe inona ilay dragona? Ny *dragona* dia maneho an'i "Roma." Hia.

128 Ndao—ndao vakiantsika izany. Izany, izany no karazan'ny fanontaniana ao an-tsainareo. Omeo ahy ny Apokalypsy ny toko faha-12, vetivety fotsiny eto. Ndao jerentsika eto, Apokalypsy 12. Jereo ankehitriny.

> *Ary nisy famantarana lehibe hita tany an-danitra; vehivavy iray . . .*

129 Maneho inona ny *vehivavy* iray? Ny "fiangonana." Ity dia ilay—ity dia ilay ampakarina eto. Ity dia ilay fiangonana, ilay tena fiangonana.

> *. . . vehivavy iray nitafy ny masoandro, ary ny volana teo ambanin'ny tongony, . . .*

130 Jereo, ny volana teo ambanin'ny . . . "Ny masoandro teo amin'ny lohany, ny volana teo ambanin'ny tongony." Ny *masoandro* dia ny "fizaram-potoan'ny fahasoavana." Ary ny *volana* dia ny "fizaram-potoan'ny lalàna." Ilay *vehivavy* dia ny "fiangonana Ortodoksa," ary nitsangana teo ambonin'ny lalàna izy. Nandalo ny lalàna, satria alok'ireo zavatra tsara ho avy ny lalàna. Marina ve izany? Ny volana dia aloka iray fotsiny, an'ny masoandro izay mitaratra eo amin'ny volana (marina ve izany?), manao an'ilay volana. Ary teo ambanin'ny tongony ny lalàna; efa niainany io andro io. Ary mariho hoe toy ny ahoana no nitafiany eto ankehitriny.

> . . . ary *teo ambanin'ny tongony, ary teo ambonin'ny lohany nisy satroboninahitra kintana roa ambin'ny folo:* (Voaisy satroboninahitra amin'ny Foto-pampianaran'ireo apostoly ilay fiangonana, hitanareo.)
>
> *Ary mitaraina nohon'ny zaza iray izy, mihetsi-jaza, . . . nanaintaina mba hiteraka.* (Ilay fiangonana Ortodoksa izany. Diniho.)
>
> *Ary—ary nisy fahagagana hafa iray niseho tany an-danitra; ka indro nisy dragona mena lehibe iray, nanana loha fito, . . .* (hitanareo, hazòny ao an-tsaina io fito io ankehitriny, "loha fito," isan'andro) . . . *loha fito . . .*

tandroka folo, ary satroboninahitra fito teo ambonin'ny lohany.

Ankehitriny, *ary ny rambony dia nanala ny ampahatelon'ny kintan'ny lanitra, ka nanjera azy ireny ho amin'ny tany: ary ny dragona nitsangana teo anatrehan'ilay vehivavy efa vonona ny hiteraka, mba handrapaka ny zanany vantany vao teraka izy.* (Jereo!)

Ary niteraka zazalahy izy, izay efa hanapaka ny firenena rehetra amin'ny tehim-by: ary ilay *zaza dia nakarina ho any amin'Andriamanitra, sy ho any amin'ny seza fiandrianany.*

131 Nitsangana teo ilay fiangonana Ortodoksa; namiratra ny masoandro; ny Foto-pampianaran'ireo apostoly roa ambin'ny folo. Eny àry. Niaraka tamin'ny volana teo ambanin'ny tongony, ny lalàna, ny alok'ireo zavatra ho avy; mamiratra ny Hazavan'ny Filazantsara ankehitriny, nanjavona ny lalàna rehefa nivoaka ilay Masoandro.

132 "Nanaintaina hiteraka izy, ary niteraka Zaza Lahy," dia Kristy Jesosy, "ary nakarina ho any amin'Andriamanitra Izy. Fa vantany vao . . ." Ity ilay izy. "Ilay dragona vantany vao, izay ny devoly, nahita an'ilay vehivavy vonona ny hiteraka, dia nitsangana teo akaikiny avy hatrany izy mba handrapaka Ny Zanany vantany vao teraka Izy."

133 Ary rehefa teraka Jesosy, dia namoaka fanambarana iray ilay Fanapahana Romana, mba hamono ny ankizy rehetra manomboka amin'ny roa taona, no midina, mba hahavita hamono an'i Kristy Jesosy. Ary napetrak'Andriamanitra teo amin'ny masony ilay volon'ondry, ka nitondra Azy nankany Egypta ary nanafina Azy, tahaka ny Nanaovany an'i Mosesy tamin'ilay fanao iray ihany.

134 Io ilay dragona mena, ny devoly. Aiza no misy ny sezany? Any . . . Tsy any Rosia; any Roma! Ary voalaza hoe, "Nomen'ny devoly azy ny sezany sy ny fahefany, dragona mena," tsy Rosia.

135 Mandre mpitoriteny malaza aho milaza hoe, "Ny Rosiana no antikristy."

136 Nahoana, tsy misy idiran'ny Rosiana amin'ny antikristy. Kominisma izany. Ny laingan'ny Protestantisma sy Katolisisma no namokatra kominisma. Ny antony nandroahan'i Rosia azy ireo niala tany, dia satria izy ireo no naka ny vola rehetra. Ary nampanao tsianjery ny vavaka rehetra amin'ny olo-masina, mba hanorenan'izy ireo an'ireo tranobe goavana indrindra, ary nanana ny haren'ny olona rehetra, ary nandraoka azy tahaka an'izany. Ary hitan'izy ireo fa tsy niaina hafa izy ireo, ary tsy hafa noho ny sisa amin'izao tontolo izao, dia naloan'izy ireo izany ka nanao ny kominisma.

137 Ankehitriny raha hanome ahy hariva anankiray amboniny ianareo, raha manome Andriamanitra, dia hoporofoiko aminareo fa ny kominisma dia miasa mihitsy eo an-tànan'Andriamanitra Tsitoha, mba handrava ny Romana tà-. . . Ary, tsarovy, milaza an'izao aho amin'ny mahampaminanin'Andriamanitra, handatsaka karazana baomba atomika eo ambonin'ny Tanànan'i Vatican ny fanapahana Rosiana ka handrava azy ao anatin'ny adiny iray. HOY NY TOMPO HOE. Ary nilaza ny Baiboly fa naka an'ireo lehilahy ratsy fo ireo Andriamanitra ary nametraka azy ireo teo an-Tànany, ka fitaovana eo an-Tànany izy ireo, "mba hanatanteraka ny Sitrapony," ary mba hamerina aminy marina tokoa an'izay tokony ho azy. Marina tokoa izany. Izany no Teny.

138 Rahalahy, tsy fantatrareo fotsiny hoe fetsy toy ny ahoana ireo zavatra ireo! Tsarovy, Jesosy Kristy no nilaza fa tena hifanakaiky ilay antikristy hany ka hamitaka an'ilay tena voafidy izy. Hoy Izy, "Aza mamela olona hamitaka anareo ankehitriny." Hoy Izy, "Aza manahaka an'ireo mpanompo sampy, manao tsianjery ny vavakareo hatrany sy hatrany hoe, 'Arahaba ry Maria, voatahy ianao, feno fahasoavana, ary voatahy ny. . . '" Hoy Izy, "Aza manahaka an'ireo mpanompo sampy, manao famerimberenam-poana." Hoy Izy hoe, "Ary aza miantso olona ho 'ray,' eto amin'ity tany ity, ihany koa, na. . . satria manana Ray anankiray ianareo, dia izay any An-danitra."

139 Fa nihodina ianareo, tsy niraharaha an'izany, ataonareo ilay izy na izany aza, satria malaza izany. Efa nanana zavatra iray malaza foana ny devoly. Efa izany foana ilay izy, hatrany amin'ny voalohany, "endrika fivavahana iray." Nanana an'ilay zavatra iray ihany i Kaina. Indro ny fanahiny mihetsika ato mihitsy, amin'ny alàlan'ilay antikristy; ary indro tonga i Abela, ilay anankiray novonoina, ihany koa. Marina izany. Mariho, ary jereo ankehitriny.

140 Ireo bibidia rehetra ireo, tany aoriana tany, dia nikambana tao amin'ny bibidia anankiray eto, izay nantsoina hoe ny "dragona mena," ny devoly.

Ankehitriny dia ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-15 an'ny toko faha-13.

141 Hitanareo ankehitriny fa io *Roma* io dia—dia ny "sezan'i Satana." Ilay bibidia fito loha niaraka tamin'ny tandroka folo dia nitsangana teo akaikin'ilay Zaza, Kristy Zaza, mba handrapaka Azy vantany vao teraka mihitsy Izy. Iza no nanao an'izany? Heroda, Roma; efa izany foana. Hiditra ao amin'ny Daniela isika, avy hatrany, raha manana fotoana betsaka, ka manampy antsika ny Tompo, ary hahita isika.

142 Tahaka ny hatraiza hatraiza ao amin'ny Soratra, manomboka amin'ny fiandohan'ny Jentilisa, manomboka amin'ny Genesisy mihitsy, afaka manaporofo aho fa Babylona

dia manomboka ao amin'ny Genesisy ary mifarana ao amin'ny Apokalypsy. Nanomboka tany aoriana tany niaraka tamin'i Nimroda, ilay zanak'i Hama, tamin'ny alàlan'ny fanompoan-tsampy, mba hampiditra sampy, mba hanompo sampy. Ary tonga nidina avy hatrany izany, ary, tena fetsy amin'ny andro farany hany ka nitafy ny anaran'ny Kristianisma izany, ary, mbola, fanompoan-tsampy foana!

143 Tsy ilay Masindahy Paoly lehibe ve, ao amin'ny Tesaloniana Faharoa, no nilaza? Ndao vakiantsika fotsiny izany, alohan'ny andehanantsika lavidavitra. Tesaloniana Faharoa, toko faharoa, ary jereo izay nolazain'i Paoly eto. Nahita an'izany tao amin'ny Fanahy mihitsy aza izy, talohan'ny nahatongavan'izany ao amin'ny andro izay iainantsika mihitsy aza.

144 Eny, oadray, toy ny ahoana ny andro izay iainantsika, ilay aizina izay iainantsika, sy ireo lehilahy sy vehivavy mivondrona eto ao amin'ny aizin'ny fanompoan-tsampy nefa tsy mahafantatra an'izany akory aza. Toy ny inona—mampalahelo toy ny inona! Toy ny ahoana ny andro izay . . .

145 Hoy i Paoly hoe, "Tsy ho tonga izany andro izany, raha tsy tonga aloha ny fihemorana, ary ho voaseho ilay lehilahin'ota." Diniho ankehitriny, lazainy fa lehilahy iray izy. Marina ve izany? Hoy i Paoly hoe, "Izy no lehilahin'ota, izay manohitra manandratra ny tenany ho ambonin'izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra, mba hivavahana tahaka an'Andriamanitra izy." Lehilahy iray, ivavahana tahaka an'Andriamanitra; lehilahy iray izay hapetraka eto ho endrika fanompoana iray. Ary hoy izy hoe, "Tsy mety ho tonga izany andro izany raha tsy tonga aloha ny fihemorana." Inona izany? Toerana matimaty an'ny fiangonana. Eny àry.

146 Henoy. Mamelà ahy hamaky an'izany ho anareo, raha sitrakareo, Tesaloniana Faharoa. Eny àry. Raha afaka maka an'ilay tena toerana mihitsy aho ankehitriny, hanombohana, mba tsy hamakiantsika be loatra. "Aoka tsy ho fitahin'olona ianareo," andininy faha-3, Tesaloniana Faharoa, toko faha-2.

> *Aoka tsy ho fitahin'olona akory ianareo: fa tsy ho avy izany andro izany, raha tsy tonga aloha ny fihemorana,* (ny Taom-Piangonan'i Laodika ankehitriny) . . . *ka ilay lehilahy,* (l-e-h-i-l-a-h-y, tokana) . . . *ho voaseho ilay lehilahin'ota, ilay zanaky ny fahaverezana;* (eo amin'ny toerana, raha tokony ho Zanak'Andriamanitra), *zanaky ny fahaverezana;*
>
> *Izay* manohitra (ny tenany) *ary* manandratra ny *tenany ho ambonin'ny rehetra* izay *antsoina hoe Andriamanitra, mba* hivavahana tahaka an'Andriamanitra izy; *mba ho tahaka an'Andriamanitra mipetraka ao amin'ny tempolin'Andriamanitra,*

maneho *ny tenany fa izy no Andriamanitra.* (Mandray fifonana!)

147 Aza miteny amiko, ry sakaizako Katolika! Ahoana izany, ianareo dia milaza fa ianareo "dia tsy mino afa-tsy fanambadiana tokana; ny fiangonana Katolika dia mifikitra amin'ny fanambadiana tokana." Raha tsy manam-bola ianareo, dia mety tsara izany. Fa mamelà ahy hiteny aminareo, ao amin'ny havako manokana eto mihitsy; mipetraka eto mihitsy ny vehivavy tanora iray, mipetraka eto ny reny iray, ary ilay dada, ihany koa; ary vehivavy iray hafa eto miaraka amin'ny zananilahy kely. Nanambady zazalahy Protestanta iray ilay zazavavy; nisaraka izy ireo ary lasa. Koa noho izany, ny zavatra voalohany fantatrareo, hanambady zazalahy Katolika iray ilay zazavavy; ary tsy maintsy nandeha izy ka nandoa vola betsaka, dia niverina, ary, "Tsy nivady tamin'io zazalahy Protestanta io izy, voalohany." Eto i Howard, ny havako manokana . . .

148 Eny, eto mihitsy . . . Tsy hiantso an'ilay anarana aho. Izy dia manana—manana zanakavavy iray izy, ary eo amin'ny enina amby roapolo taona eo ilay zanakavavy. Ny vadiny, nilaozany izy tany Milltown, ary nandositra ka nanambady lehilahy Katolika iray. Ary milaza izy ireo ankehitriny hoe, "Tsy maintsy miala ao amin'ny fiangonana izy." Noho izany dia nandoa vola betsaka izy ireo, mba hiverina ka "hamerina azy ho virijiny indray," ka hampanambady azy indray amin'io lehilahy io. Fahadalana! Hamerina azy ho virijiny? Manambady izy, eo imason'Andriamanitra, ary miaina ao anatin'ny fijangajangana. Marina tokoa izany. Izany no HOY NY TOMPO HOE, ihany koa. Marina.

149 Fahafaham-baraka toy ny inona! "Mandoa vola betsaka." Izany no antony nanorenana an'ireo fiangonana sy sekoly goavana ireo. Tahaka an'izany ilay izy. Ilay izao tontolo rehetra izao . . . Tsy fantatrareo izany, eto Etazonia. Tokony hanaraka ahy any ampitan-dranomasina ianareo, indray mandeha, dia hahita ianareo. Eny, tompoko. Mandehana any, rahalahy, izay ananan'izy ireo ny fanjakazakana.

150 Afaka mitondra sary iray aminareo aho, tena izy, vao avy naka azy i Rahalahy Kopp, ary nandefa taty amiko, an'ny mpitory teny Protestanta iray, mpitory tenin'ny Fanahy Masina, nandry teny an-dàlambe, nibontsina saiky tahaka an'*izao* ny haavony, izy sy ny vadiny, ary zazavavy kely iray, nibontsina tahaka an'izany; satria nitory an'i Jesosy Kristy izy ireo, ny herin'ny fitsanganana, dia afaka ho voavonjy ny olona ary nandray ny Fanahy Masina. Novonoin'izy ireo teny an-dàlambe izy ireo, ary tsy navelany halevina izy ireo, ary nororaina izy ireo, nandritry ny andro sy andro. Marina izany.

151 Teo amin'izay tsy maintsy nihazonana an-dRahalahy Osborn mihitsy, teo ambanin'ireo basy, mba hamoaka azy ireo. Nandeha

tao izy ireo, ary ny anankiray . . . tonga niaraka ny vondrona pretra iray ka namono an'io lehilahy tanora io. Ary vao avy nahazo zazakely iray ny vadiny. Ary nandeha nanerana ny làlambe tahaka an'izany izy ireo, nanana ny—ny—ny mpanaraka iray nitondra azy nankany am-pasana, mba handevina azy. Ary nandeha io reny io, niaraka tamin'ny zazakely iray, nitomany, taorian'ny vadiny maty. Ary nijery teo amin'ny varavarankely ny olona, olona mahitsy fo, nanao hoe, "Raha tahaka an'izao no tsapan'ny fiangonana Katolika, dia lavinay izy." Ary nanaraka, aman'arivony, teny an-dàlambe. Nanana fifohazana iray Rahalahy Osborn tany, hany ka tsy afaka nandroaka azy niala tamin'ny firenena izy ireo. Nisy olona betsaka loatra tany. Marina tokoa izany.

152 Oh, io fihatsarambelatsihy io! Fantatro fa sary iray mampalahelo izany. Mipetraha tsara fotsiny, ry sakaiza Katolika, hikosoka eo amin'ilay ilany hafa isika, afaka minitra vitsy. Eny àry. Mariho.

153 Ankehitriny isika dia hidina, mariho, lavidavitra kely. Mamelà ahy hanome anareo an'ity. Angamba mety manampotoana aho, mbola manana telopolo minitra. Diniho tsara. Ndao isika hiverina ankehitriny, ny mpamaky tsirairay, ao amin'ny sainareo mihitsy, mandritry ny iray minitra, ho an'ny sary ara-tsaina. Rehefa . . .

154 Ny mpino Ortodoksa rehetra eto dia mahafantatra fa ny fanjakana Jentilisa dia nanomboka tamin'i Nebokadnezara Mpanjaka. Marina ve izany? Ny mpino Ortodoksa rehetra dia mahafantatra an'izany. Ary nanana fahitana iray i Nebokadnezara Mpanjaka, ka i Daniela no nanome azy ny fandikana. Marina ve izany? Ary ilay izy dia loha volamena iray, dia ny Babyloniana; ny faharoa dia ny Mediana sy Persiana; ny manaraka dia ny fanapahana Grika; avy eo dia ny Fanapahana Romana. Ary teo amin'ny fiafaran'ny Fanapahana Romana, dia Jesosy Kristy no ilay Vato izay niendaka avy teny amin'ny tendrombohitra, tsy nisy tànana, izay nikodiadia ary nanimba an'ilay sarivongana (marina ve izany?), ary nandrakotra ny tany. Ny olona rehetra dia mahafantatra an'izany. Ny mpino rehetra dia mahafantatra an'izany.

155 Ary ahoana fa, tamin'ny andro farany, rehefa nisaratsaraka tao amin'ireo fanjakana maro samihafa izy ireo, sy ny sisa, hatrany amin'ny rantsan-tongotra, izay vy sy tanimanga. Ary izany dia midika, hoy ny mpaminany hoe, "Tahaka ny nahitanao ny vy sy tanimanga izay tsy hiaraka hifangaro, dia tsy hifampikambana koa ireo." Fa hampifangaro ny taranany izy ireo, hiezaka . . . Amin'ny teny hafa, hifanambady izy ireo, hiezaka hitaiza ny zanany ary hamotika, ho an'ireo hery, tahaka an'izany. Ary fantatrareo fa izany no fahamarinana. Fa, ny fihazonana iray, ananany izany, ary miondrika amin'izany ianareo vahoaka, "Oh," hoy ianareo, "mahafinaritra ilay izy."

156 Jereo io Stevenson io, na iza ilay anarany, eto. Ankehitriny ny . . . eto. Iza no anarany? Adinoko fotsiny . . . Ilay zalahy eto, izay manangana an'io korontana rehetra eto io. [Milaza anarana iray ny fiangonana—Mpand.] Hia. Oh, oadray!

157 Lò hatrany amin'ny tsoka ity Etazonia ity. Eny, tompoko. Azoko porofoina aminareo ilay tena fotoana mihitsy izay . . . Ity vehivavy eto ity, ao amin'ny Apokalypsy 12, rehefa ny . . . Nakarina mba hipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra ny Zanany lahy, ary, rehefa izany, dia nandositra nankany an-efitra ilay vehivavy, izay nikarakarana azy nandritry ny enimpolo sy roanjato sy arivo andro, hatrany amin'ilay datin'i Plymouth Rock marina tokoa, marina tokoa, izay nahatongavan'ny fiangonana teto ho an'ny fahalalahan'ny fivavahana, ary nipetraka teto izy.

158 Ary hanohy hamaky isika ao amin'ny toko faha-13-n'ny Apokalypsy eto, ary jereo eto amin'ny andininy faha-15. Ary, ankehitriny, iray minitra fotsiny, te-hiverina aho alohan'izany, ka hitantsika eto fa nitsangana teo amoron-dranomasina Izy. Ankehitriny raha afaka mahita an'ilay toerana fotsiny aho, aiza, ny andininy faha-11.

> *Ary nahita bibidia iray hafa aho niakatra avy tamin'ny tany;* (tsy avy—avy tamin'ny rano) . . .

159 "Avy tamin'ny tany." Noho izany, ilay hatevenana sy vahoaka betsaka dia rano, noho izany ity dia izay tsy nisy olona, i Etazonia.

> . . . *ary nanana tandroka roa tahaka ny zanak'ondry izy,* . . .

160 "Tandroka roa *tahaka* ny zanak'ondry," tsy zanak'ondry iray. Inona izany? Ny ombilahintsika Amerikana izany. Azo antoka. Hitanareo, io izy, "tandroka roa tahaka ny zanak'ondry." Fa avy eo dia inona no nataony? Nanana ny fahalalahan'ny fivavahana izy, aloha; nihetsika tahaka ny zanak'ondry izy, niteny tahaka ny zanak'ondry. Fa, tsarovy, tsy lasa ondrilahy antitra iray mihitsy izy. Zanak'ondry iray izy. Dimampolo amby zato taona fotsiny ity firenena ity, fantatrareo, zanak'ondry iray fotsiny.

> . . . *ary* avy eo *izy dia niteny* tahaka *ny dragona*.

> *Ary* nampiasa *ny fahefana rehetra izay* nananan'*ilay bibidia voalohany teo anatrehany izy,* (ilay dragona mena), *ary* nanao an'izay rehetra teo ambonin'*ny tany,* izay *nonina* teto ambonin'ny tany, *hiankohoka amin'ilay . . . bibidia, izay sitrana tamin'ny fery saiky nahafaty.* (Jereo!)

> *Ary—ary* manao *fahagagana lehibe izy, mba* hanao azy *hampidina afo* avy any *an-danitra* . . . (Ny baomba atomika, sy hydrogène; firenena manan-tsaina,

mahay, sy ny sisa, mamitaka an'ireo firenena amin'ny alàlan'ireo zavatra ireo.)

161 Ity Etazonia ity dia ho tonga eo amin'ny fotoana iray izay hikambanan'ny fiangonana sy ny fanjakana miaraka. Ary hiaraka hanipy an'ireo zavany ny Protestanta sy Katolika, mba hiady amin'ny kominisma. Ary manatanteraka marina tokoa an'izay nolazain'Andriamanitra eto mihitsy izany.

162 Ary ianareo Protestanta mandry any, tena matory, mamaky magazina an'ny tantaram-pitiavana iray raha tokony ho ny Baibolinareo! Any ivelany, mirenireny any ho any, mankany amin'ny karazana fety iray, raha tokony ho ao amin'ny fivoriambavaka iray any ho any; mifamaly amin'ny hafa mikasika zavatra ratsy kely izay tsy misy dikany tahaka an'*izao*. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Tokony ho eo amin'ny lohalikareo ianareo any ho any, raha fantatrareo hoe inona ny dikan'ny Mandrakizay.

163 Mariho, rehefa, Nebokadnezara Mpanjaka, tany ampiandohana tany aoriana tany, rehefa niditra ny taonan'ny Jentilisa. Ndao dinihintsika hoe ahoana no nidirany. Ary ny fomba nidirany, dia hahita ianareo fa tahaka an'izany ihany no ivoahany. Fantatsika fa misy ny fiandohan'ny fotoampahasoavana iray ho an'ireo Jentilisa, ary fiafaran'ny fotoana. Marina ve izany?

164 Diniho ankehitriny, rehefa i Nebokadnezara Mpanjaka . . . rehefa nirahina tany i Daniela, mpaminany nanan-tsaina iray, nefa ny sisa tamin'ireo Jiosy dia karazan'ny nietry ary niankohoka tamin'ireo Romana . . . na tamin'ireo Babyloniana. Fa nisy lehilahy telo, efatra teo; telo (Sadraka, Mesaka ary Abednego), ary Daniela, izay ninia tao am-pony fa hanompo an'Andriamanitra izy ireo. Ary avy eo rehefa natsipin'izy ireo i Sadraka, sy ny sisa, tao . . . Ary lasa lehilahy malaza i Daniela, ary teo anatrehan'i Nebokadnezara Mpanjaka sy Belsazara, sy ny sisa. Rehefa lasa lehilahy malaza izy, diniho ankehitriny, dia nanamboatra sarivongana volamena iray i Nebokadnezara Mpanjaka ka nametraka an'izany tao amin'ny saha, ary nilaza fa tsy maintsy hiankohoka amin'io sarivongana io ny olona rehetra.

165 Efa mba voamarikareo ve ny fahatsoran'ilay izy, avy amin'iza no nanaovana an'io sarivongana io? Daniela izany, sarivongan-dehilahy iray. Ary tsy nilaza ve izy hoe, "ny fanahin'ireo andriamanitra," mpanompo sampy? Ary tahaka antsika amin'izao andro izao, manana telo na efatra amin'izy ireo. "Ny fanahin'ireo andriamanitra no mipetraka ao aminy," ary nanao sarivongana iray an'i Daniela izy ireo. Ary hoy izy hoe, "Izay rehetra tsy hiankohoka amin'io sarivongana io, dia hatsipy ao anatin'ny lafaoro afo." Mariho, tsy teo amin'ny sehatra i Daniela tamin'io fotoana io. Azonareo ve izay tiako lazaina? "Ary na iza na iza tsy hiankohoka amin'io sarivongana io dia ho

tapahina potipotika, na atsipy ao an-davaky ny liona, na dorana ao anatin'ny lafaoro afo, na zavatra iray, fanasaziana iray."

166 Tahaka an'izany no nanombohan'ny fizaram-potoan'ny Jentilisa, niaraka tamin'ny endrika fanompoam-pivavahana manompo sampy, niaraka tamin'ny fanenjehana iray mba hanao azy ireo hiankohoka amin'izany. Ary milaza mialoha ny Baiboly fa ho tahaka an'izany ihany no hiafarany, "Lehilahy masina iray," Jesosy Kristy; sary iray ho Azy, hivavahana aminy, sy ny sisa.

167 Tsaroanareo, amin'ny bokin'ny maritiora an'i Foxe, dia nihazona lakroa iray izy ireo teo anoloan'izy ireo, nametraka omby iray teo amin'ny sandry tsirairay tahaka an'izao, ary nanao hoe. . .Raha tsy te-handà ianareo, handà ny Protestantisma, ka ho lasa Katolika ary "hanoroka an'ity lakroa ity." Nampandehanin'izy ireo tamin'ny làlana iray ny omby anankiray, ary ny anankiray tamin'ny làlana iray, ary avy eo dia nosamahana izy ireo. Nodorany teo amin'ny tsato-kazo izy ireo. Nanao ny zavatra rehetra izy ireo. Efa tany amin'ireo fasana ambanin'ny tany tranainy aho; fantatro izay resahako. Ary, hitanareo, izany, marina izany. Ary ao izy ireo no mandry. Ary mariho hoe ahoana no nitetezan'izy ireo an'io andron'ny fanaovana maritiora io talohan'i Martin Luther. Araka ny Baiboly, ihany koa.

168 Ankehitriny dia mariho tsara indray ankehitriny. Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika zavatra lehibe iray. Ahoana no naharava an'io fanjakana Babyloniana io? Indray hariva rehefa nandeha izy ireo ka naka an'ireo vazy masina an'Andriamanitra, ka nanomboka nisotro divay tao anatin'izany; nanomboka nanana fotoana goavana iray, ary naka andiam-behivavy tany, vaditsindrano, ary nandihy sy nifety ary nanana fotoana goavana. Marina ve izany? Tamin'io fotoana io dia nisy sora-tànana iray tonga teo amin'ny rindrina hoe, "MENE, MENE, TEKELA, OPARESINA." Marina ve izany? Dia nandeha izy ireo ka naka an'ireo Kaldeaniny rehetra, ireo lehilahiny manan-tsaina, ireo mambram-piangonana matimaty, fa tsy nisy tamin'izy ireo afaka namaky an'izany. Marina izany.

169 Fa nanana lehilahy iray izy ireo tany izay afaka namaky fiteny tsy fantatra, haleloia, afaka nandika an'izany. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Afaka nandika fiteny tsy fantatra izy. Tahaka an'izany no niafarany.

170 Tahaka an'izany no hiafarany ankehitriny, miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina eo amin'ny vahoaka iray izay fenon'ny batisan'ny Fanahy Masina, izay manana hery sy famantarana ary fahagagana. Io ilay Fiangonana Jentilisa. Io ilay sisa nanamborana.

171 Tahaka an'izany no nidirany, tahaka an'izany no ivoahany, marina tokoa, fiankohofana iray ary fanerena iray ho

amin'ny fivavahana mpanompo sampy tapany. Dia niditra Andriamanitra tao amin'ny ora lehibe ka nanoratra tamin'ny fiteny tsy fantatra, ary ilay lehilahy no nandika azy. Afaka nandika izy. Tsy hainy io fiteny io; tsy nisy olon-kafa nahay an'izany. Fa izy no nanana an'ilay Fanahy Masina iray ihany, izay namela azy handika an'izany, dia ilay Fanahy Masina iray ihany ao amin'ilay Fiangonana androany.

172 Ianareo dia afaka miantso an'Izany hoe "fanatisma." Hanaiky aho fa manana betsaka an'izany izy ireo. Fa, rahalahy, misy ny tena izy anankiray eo, ihany koa. Marina izany, tena izy anankiray eo, ihany koa. Manipy ny sandoka rehetra izay vitany ny devoly, eo amin'ny làlana mihitsy, mba hampifanjevo anareo. Ary raha tsy mihevitra an'Andriamanitra mihoatra noho izany ianareo mba handohalika sy hamaky ny Baibolinareo, ary mivavaka ka manontany an'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia izany no maneho fa tsy tena liana amin'ny fanahinareo ianareo.

173 Mandrosoa eo ka manaova hoe, "Andriamanitra, tsy ahoako na vela-pandrika tranainy firy no Apetrakao eo. Hitako Ny Baibolinao milaza an'izany, ary tapa-kevitra aho!" Marina izany. "Ianao no nampanantena an'izany tamiko, ilay taranak'i Abrahama."

174 Raha Andriamanitra no niantso anareo, dia hanatona an'Izany ianareo; fa raha tsy izany ianareo, dia tsy ahoako na mpivavaka toy ny ahoana ianareo, vita ny aminareo; izay ihany, tsy afaka ho tonga ianareo. Tsy misy olona afaka, raha tsy niantso anareo Izy. Ary tsy Tiany hisy ho levona, saingy maro aminareo no ho levona satria tsy miraika loatra amin'Izany ianareo.

175 Ary handeha ianareo ka hahita zavatra toa fanatika kely, voaaloka kely hoe, "Eny, Dr. *Ranona-sy-ranona* no nilaza an'*izao-sy-izao,* sy ny sisa." Ary avy eo dia mandeha ianareo ka miteny ratsy ny Fanahy Masina, fantatrareo fa marina izany, ary tsy havela mihitsy izany.

176 Ho hitanareo afaka minitra vitsy hoe inona ny mariky ny devoly, inona ilay—inona ilay tombokasen'ny devoly, ilay mariky ny bibidia. "Na iza na iza miteny manohitra ny Fanahy Masina, dia tsy havela aminy mihitsy izany, amin'ity fiainana ity, na ny fiainana ho avy." Diniho io fiangonana voalohany io, izay nataon'izy ireo. Tandremo, ny amin'izany, fiangonana faharoa! Mety nanisy tombokase ny tenanareo tamin'ny Fanjakan'Andriamanitra ianareo ety ivelany, fa ao anaty dia ny devoly; ao amin'izay "tsy misy famelàna, amin'ity fiainana ity, na ilay anankiray ho avy." Marina. Noho izany, dia mitandrema tsara, mandehana am-panajana. Tandremo tsara izay ataonareo, satria tsy fantatrareo izay hiseho.

177 Ankehitriny, hitantsika fa mivangongo io rehetra io ankehitriny. Manana roapolo minitra aho. Tiako ianareo hamadika miaraka amiko ao amin'ny toko faha-17, Apokalypsy, mba hamarana afaka fotoana fohy mihitsy. Ankehitriny dia hikasika an'ilay tanjona isika. Henoy tsara. Mamakia miaraka amiko. Sokafy ny Baibolinareo ka mivonona hamaky. Ity no tokony hanisy tombokase azy.

178 Tsarovy, misy ny marika anankiroa; ny anankiray dia fihemorana, ilay iray hafa dia ny Fanahy Masina. Ny anankiray dia ny mariky ny devoly.

179 Tsarovy, efa nolazaiko ity, hoe ilay fiangonana Katolika voalohany . . . Ankehitriny, ry vahoaka Katolika, mipetraha ampanajana mandritry ny minitra vitsy. Namorona ny heviny manokana mikasika an'ilay zavatra ny fiangonana Katolika voalohany. Nanana foto-pampianarana sandoka izy ireo, an'ny eokaristia masina, an'ny fandraisana hostia iray raha tokony ho ny batisan'ny Fanahy.

180 Ny Protestanta nanaiky ny fandraisan-tànana, na manao fianianana; izy roa dia samy diso, araka ny Tenin'Andriamanitra. *Ity* no drafitra. Tonga izy ireo ary nanao batisa, "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," nefa tsy misy pentim-potoana iray izay nisy olona iray hany natao batisa tahaka an'izany; izay fanompoantsampy tanteraka tokoa, batisa Katolika. Ary manaiky an'izany izy ireo, ka manao hoe, "Miankohoka amin'ny batisanay ianareo Protestanta."

Hoy aho hoe, "Nahoana ianareo no manao an'izany?"

181 Hoy izy, "Manana fahefana hanova ny Soratra rehetra izay tiany ovaina ny fiangonana Katolika."

Hoy aho hoe, "Lainga izany."

Hoy izy hoe, "Nahoana àry ianareo no miankohoka amin'izany?"

182 Ah, amin'izay fotoana izay dia hangina ianareo. Tsy izaho! Tsy mino an'izany aho. Ity no Tenin'Andriamanitra. Marina izany. Raha te-hanaraka ny olona, dia tsy maintsy mandeha irery izy. Izaho tsy maintsy miteny ny Fahamarinana. Marina izany.

183 Mariho, avy eo dia nivoaka izy ireo niaraka tamin'ity hafa rehetra ity, ilay fiangonana, mikambana amin'ny katesiziny tranainy sy ireo zavatra rehetra eo ireo. Andiam-paharatsiana sy hadalana toy ny inona! Ary nafoy tsy mahatoky an-davitrisany izany, ary mpanara-pototra mangatsiaka . . .

184 An'ny devoly izany, tany am-piandohana. Ary afaka manaporofo aminareo aho fa ny Baiboly dia nilaza eto hoe, "Gaga ny tany rehetra nanaraka an'io herin'ny bibidia io; izay nisy, izay tsy misy, mbola misy." Ahoana no hampety an'izany, "nisy, ary tsy misy"? Hoy Izy, "Gaga ny tany manontolo mikasika an'izany."

185 Rehefa lasa Roma papaly i Roma mpanompo sampy, dia tsy nitsahatra mihitsy izany. Ilay rafitry ny Romanisma no nitsahatra; rehefa tonga ny mpanjaka vaovao iray, dia nametraka lamina vaovao iray fotsiny izy. Fa rehefa tonga tao Roma mpanompo sampy izy ireo, tamin'ny alàlan'ny fiangonana Katolika, tamin'ny alàlan'ny papalisma, dia tsy mitsahatra mihitsy izany. Raha maty ny papa iray, dia mametraka anankiray hafa izy ireo; maty ny papa iray, dia mametraka anankiray hafa izy ireo. "Ilay bibidia izay nisy, izay tsy misy, mbola misy; izay tsy misy, izay mbola misy; izay . . . ary handeha hankany amin'ny fahaverezana." HOY NY FANAHY MASINA HOE, amin'ny alàlan'ny Soratra.

186 Ankehitriny, henoy. "Ary indro tonga ny anankiray . . . " Ianareo rehetra diniho ankehitriny, ny toko faha-17.

> *Ary nanatona* ahy *ny iray tamin'ireo anjely fito izay nanana lovia fito,* (izany dia ireo lovia farany, izay nararaka), *ka niresaka tamiko, nanao hoe . . . Avia aty;* ary *izaho dia* haneho . . . *aminao ny fitsarana an'ilay janga lehibe izay* mipetraka *eo ambonin'ny rano maro:*

187 Diniho ny Apokalypsy 12. Vehivavy virijiny iray izany. Tena ramatoa iray izy. Tsara tarehy toy ny ahoana no nitsanganany!

188 Fa indro ny anankiray antsoina hoe mpivarotena iray, "j-a-n-g-a," izay midika hoe tsi- . . . Inona izany? Ndao ataontsika sampy ity . . . na fakafakana izany.

189 Mamelà ahy. Lasa haingana loatra aho; mihevitra fa manana dimy ambin'ny folo minitra aho. Hijanona ora iray hafa aho raha izany, noho izany dia mipetraha tsara fotsiny. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

190 Jereo. Eny àry. Jereo, ndao fakafakantsika izany. Vehivavy iray adala izy. Inona ny janga iray? Halako ny milaza an'ilay teny, saingy voasoratra ato amin'ny Baiboly ilay izy. Izany dia vehivavy iray izay milaza fa vehivavy tsara iray, nefa mijangajanga amin'ny lehilahy hafa. Ankehitriny, raha maneho ny fiangonana ny vehivavy iray, amin'izay fotoana izay dia fiangonana iray izay milaza ho Kristiana izany, nefa mijangajanga amin'ireo zavatra hafa. Marina ve izany?

191 "Ary mipetraka eo ambonin'ny rano maro izy; hatevenana sy vahoaka marobe." Vakio ny . . . eo amin'ny andininy faha-15 dia ho hitanareo izany, hitanareo. Na, faha-17, any ho any. Ho tonga eo amin'izany isika afaka iray minitra. "Ilay vehivavy izay mipetraka eo ambonin'ny rano maro; ilay janga." Zavatra iray toy ny inona! Ankehitriny raha nanana andro sy andro isika, dia afaka haka an'io vehivavy io aho ka hanaraka azy manomboka amin'i Kaina ka hatrany amin'ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, ka porofoiko aminareo fa izy no anankiray voalohany nandrafitra fiangonana iray. Izy no renin'ny rafi-pandaminana. Diniho,

"Ary ilay vehivavy izay mipetraka eo ambonin'ny rano maro. Eo ambonin'ny, mipetraka eo ambonin'ny rano maro."

Ankehitriny ny andininy faha-2.

> . . .*izay ireo* (m-p-a-n-j-a-k-a) *nijangajangan'ireo mpanjakan'ny tany, sady natao mamon'ny divain'ny fijangajangany ny mponina tamin'ny tany.*

192 Amin'ny teny hafa, dia milaza ho fiangonana Kristiana iray izy; ambony, tsara tarehy. Diniho hoe ahoana no fiakanjony, afaka minitra vitsy, miaraka amin'ny perla sy volamena ary vato. Hoy izy ireo hoe, "Iza no tahaka azy?"

193 Ary nanana kapoaka iray izy teny an-tànany, feno ny "divain'ny fijangajangany," ny fahalotoany, ny fotopampianarany izay nitondrany an'ireo mpanjaka, oh, mba hanao vavaka kely fotsiny ary "mivavaka hivoahanareo avy ao amin'ny afo fandiovana," ary ireo zavatra rehetra ireo. Izay ilay izy. Eo ianareo izao. Izany no Tenin'Andriamanitra izay vakiako. Jereo, "Koa nentiny aho nankany amin'ny . . . " Ndao jerentsika ankehitriny, ary nanao divay . . . Marina izany, ny andininy faha-3 ankehitriny. Eny àry.

> Ary *nentiny tamin'ny fanahy nankany an-efitra aho: ary nahita vehivavy iray aho* nipetraka *teo ambonin'ny jaky* loko-. . . *bibidia,* . . . ("Jaky," manan-karena, ilay fiangonana manan-karena indrindra eto amin'izao tontolo izao.)

194 Miantsoantso izy ireo eto hoe, "Iza no afaka hiady aminy?" Misy lehilahy anankiray eto amin'izao tontolo izao, lehilahy anankiray ihany eto amin'izao tontolo izao, avy amin'izao tontolo rehetra izao, izay manana hery tahaka ny fahitan'i Nebokadnezara Mpanjaka. Ireo rantsan-tongotra folo ireo dia nankao amin'ny rehetra . . . Io tsipika vy Romana io dia mandeha mankao amin'ny firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao. Tsy misy lehilahy hafa eto amin'izao tontolo izao manana ny teny-farany izay ananan'ny papan'i Roma. Afaka miteny ny Filoha Eisenhower eto Etazonia, ary lalàna izany; saingy misy firenena hafa izay azony itenenana, fa tsinontsinona izany. Fa ny ambaratongam-pahefana Katolika dia afaka miteny ao Roma, ka hihoby an'izany ny firenena rehetra. Marina izany. Io izy. Ankehitriny dia ho hitantsika izay misy azy, ka jereo na izy izany na tsia, jereo raha vita sary eto mihitsy izy. Eny àry.

> . . .*ary nahita vehivavy iray aho* nipetraka *teo ambonin'ny bibidia miloko jaky,* (manan-karena), *feno anarana fitenenan-dratsy,* . . .

195 Batisa sandoka; rafitra sandoka; mitarika ny olona ampahajambana, miteny amin'izy ireo fa afaka tonga ao ampiangonana fotsiny izy ireo, manao ny fiaikeny, sy ny sisa, manao "Arahaba ry Maria," manao fivalozana. Tsy fahalalana!

Fahadalana! Tsy hitako hoe ahoana ireo olona, fisainana sivily tsara, no afaka hino an'izany karazan-javatra izany.

. . . *nanana loha fito* . . .

196 Eo indray ianareo izao, io demony iray ihany io izay manerana tanteraka, ilay dragona mena, ilay bibidia sy ny zavatra rehetra, dia manana "loha fito; tandroka folo."

197 "Ary ilay vehivavy," ilay vehivavy, ankehitriny, ilay fiangonana. Ankehitriny, ny *bibidia* dia ny "hery" izay nananany, ilay fiangonana Katolika Romana, saingy ny herin'ny Katolika Romana. Fa, eto dia ilay fiangonana no miteny ankehitriny.

> *Ary ilay vehivavy dia nitafy lamba volomparasy sy loko jaky, ary niravaka volamena sy vato sarobidy ary perla, nanana kapoaka volamena teny an-tànany feno* ny fahavetavetana *sy* ny *fahalotoan'ny fijangajangany:*

198 Io izy; dia fiangonana iray, fantatrareo. Sa tsy izany? Tsy maintsy eo; vita sary izy. Mamakia midina fotsiny dia ho hitanareo hoe iza izy.

> *Ary teo ambonin'ny* lohany *nisy* anarana voasoratra hoe, *ZAVA-MIAFINA, BABYLONA LEHIBE, NY RENIN'NY MPIJANGAJANGA,* NY FAHAVETAVETANA *AMIN'NY TANY.*

199 Eny àry, ry Protestanta, eo ianareo no voageja. Hanaiky ianareo fa mpivarotena iray izy, saingy izy no "RENY" (an'ny inona, an'ny zanakalahy ve?) "AN'NY MPIJANGAJANGA." Ho *vehivavy* izany, marina ve izany? Ho ireo *fiangonana* izany arak'izany, marina ve izany? Izy no renin'ny fiangonana arak'izany, sa tsy izany? Avy taiza i Martin Luther? Katolisisma. Taiza no foy izy rehetra ireo? Katolisisma, mitondra ny foto-pampianarany iray ihany, ary miankohoka amin'izany ianareo.

200 Ankehitriny, ny vehivavy ratsy indrindra eto Jeffersonville dia afaka miteraka zazavavy tsara iray, marina, virijiny, marina izany, ary afaka mandeha mahitsy izy raha tiany. Ary toy izany koa ilay fiangonana Loterana, ny Metodista, ny Batista, ary ny Presbyterana, sy ny sisa; nandeha nahitsy vetivety izy ireo, rehefa ny—rehefa teo ny mpanorina azy ireo nitory ny Filazantsara tamin'izy ireo. Fa ankehitriny dia mandeha any amin'ireo fampisehoana izy ireo, dihy, televiziona, mifoka, manao ny zavatra hafa rehetra, (fantatrareo fa izany no fahamarinana!), mijanona any an-trano ny Alahady. Inona izany? Satria ny mpijangajanganareo dia mihetsika tahaka ny mamany. Marina tokoa izany. Marina tokoa izany.

201 Ankehitriny dia ndao isika hijery hoe aiza no mipetraka ilay loko. Ny Baiboly dia nilaza fa izy no "RENIN'NY MPIJANGAJANGA." Ary ny olona rehetra dia mahafantatra fa Roma mpanompo sampy izany, na Rtoa. Roma papaly,

ny fiangonana Katolika. Afaka iray minitra, dia hasehoko anareo, mametraka azy ara-toerana eto an-tany, eo amin'izay hipetrahany marina tokoa. Marina. Aiza no misy azy ary iza izy, ny Baiboly no niteny an'izany. Tsy izaho; ny Baiboly! Ary nilaza fa niteraka fiangonana zanakavavy betsaka tahaka azy izy. Eny àry, ankehitriny, ry Metodista, sy Batista, ary Loterana, sy ny sisa, hitanareo hoe tonga aiza ianareo, ny "RENIN'NY MPIJANGAJANGA." Niaina tsara mihitsy izy ireo, saingy rehefa nanomboka namiratra ny Hazavana . . .

202 Ilay izy dia tahaka ny andiana kalalao amin'ny andro fahavaratra. Areheto ny jiro, eo amin'ny làlana izay ihinanan'ny kalalao iray katsaka antitra iray na zavatra hafa tahaka an'izany, ary areheto ny jiro dia diniho izy ireo hitsoaka hiafina haingana arak'izay vitany.

203 Torio ny Filazantsara, na ny batisan'ny Fanahy Masina, amin'ireo fiangonana tranainy ara-pototra, tsy masina betsaka ireo; dia diniho izy ireo hoe, "Tsy mino karazan-javatra tahaka an'izany izahay. Izahay tsy mino ny . . . " Nahoana? Fantatrareo izay maha-izy anareo, eo am-panombohana. Marina izany. Marina tokoa izany.

204 Tsy milaza na inona na inona manohitra ny fiangonanareo aho; rahalahy, manana olona ianareo ao anatiny ao izay firavaka. Tsy milaza na inona na inona manohitra ny olona Katolika aho. Tiako ny olona Katolika tahaka ny itiavako ny olon'ny Branham Tabernacle. Tsy ianareo ilay izy, ry sakaiza, izay ezahako ivazavazana. Tsy ianareo ilay izy, ry Metodista sy Batista, ary Branham Tabernacle. Tsy ianareo no ivazavazako. Ilay izy dia ny fahotana izay amelanareo ny devoly hametraka azy eo aminareo! Satria fotsiny hoe mandeha any am-piangonana ianareo, dia mihevitra fa voavonjy ianareo.

Hoy Jesosy hoe, "Raha tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy ny olona, dia tsy hiditra mihitsy ao amin'ny Fanjakana izy." Ary rehefa mandray ny batisan'ny Fanahy Masina ianareo, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Mahitsy manomboka eo amin'ny soroka izany, rahalahy. Na, tsy avy eo amin'ny soroka ilay izy, fa mahitsy avy eo amin'ny Baiboly. Tsy nilaza mihitsy Jesosy hoe, "Angamba izao famantarana izao no hanaraka ny sasany." Hoy Izy hoe, "Hanaraka an'ireo izy ireo."

Oh, hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny, mino aho fa ho an'ireo apostoly izany. Mino aho fa andiana apostoly anankiray ihany no misy, ary tany aoriana tany amin'ny voalohany izany."

205 Ary ilay tena lesona izay nananantsika omaly hariva mihitsy hoe, "Nanana kintana fito Izy teny an-Tànany," ary ny kintana tsirairay dia nomena ho an'ny taom-piangonana tsirairay ho Hazavana, marina; toy ny hoe misy apostoly iray *etsy,* misy apostoly iray *etsy,* ary apostoly iray *etsy,* ary apostoly iray *etsy;* "izay Fanahy fito," tamin'ny fiandohan'ny

lesontsika, "nitsangana teo anatrehan'Andriamanitra, mba hirahina mankany amin'ireo Taom-Piangonana Fito."

206 Oh, rahalahy, mety mandehandeha miaraka amin'ny foto-pampianarana kely Batista na Metodista iray ianareo, ary milamindamina miaraka amin'izany; fa jereo ilay izy, amin'ny fijerin'ny Baiboly, indray mandeha. Marina izany. Amena. Mahatsiaro somary mpivavaka aho izao ankehitriny izao. Amena. Eny, tompoko. Jereo. Rahalahy, eo ianareo izao. Fitotoana iray ilay izy; saingy ny fikaravasiana iray, tsy hahavita soa anareo izany . . .

207 Mama, mipetraka iry aoriana iry, nasainy naka menaka castor aho taloha. Ankizy kely antitra izahay. Tsy maintsy nihinana mofo katsaka sy tsaramaso izahay, isan'andro amin'ny herinandro, ary Alahady, ihany koa. Na ahoana na ahoana, dia tsy maintsy naka fanafody betsaka aho. Sabotsy hariva, nasainy naka menaka castor foana aho. Ary ny Sabotsy hariva dia nihazona ny oroko aho, tahaka an'*izao*, tsy milaza an'izao ho vazivazy iray aho. Nihazona ny oroko aho, ka hoy aho hoe, "Mama, tsy afaka maka an'ilay izy fotsiny aho. Manao ahy ho tena marary ilay izy."

Hoy izy hoe, "Raha tsy manao anao harary ilay izy, dia tsy hahasoa anao."

208 Tahaka an'izany koa *Ity*. Mangaroharo anareo! Izany dia hanao ny—ny taovam-pandevonan-kaninareo hiasa tsara, mba ahafahanareo mahalevona marina tokoa ny Filazantsara feno.

209 Tonga niaraka tamin'ny fanamarinana ny Loterana. Nahoana, izy ireo fotsiny dia . . . Nandrafitra an'izany rehetra izany hoe, "Eny, tompoko, izahay no fiangonana!"

210 Nahita ny fanamasinana i John Wesley. Hoy izy hoe, "Hitako fa hafa ilay izy." Dia hoy izy hoe, "Mety tsara izany, ry Luther, fa ity no izy." Inona izy? Luther no kintan'ny taonany, fa indro i Wesley. Eny àry.

211 Ankehitriny, noho izany, nandeha niverina teo amin'ilay talantalana ireo Loterana rehetra, satria adinon'izy ireo ilay . . . tsy . . . Ankehitriny, tsy ny rehetra . . . Ny tiako lazaina dia ilay fiangonana Loterana. Mbola manana lehilahy tsara foana ny Loterana, feno ny Fanahy Masina. Marina izany. Fa ankehitriny dia niverina nankany amin'ilay fiangonana izy rehetra, tao amin'io taona io. Eny àry.

Indro tonga i Wesley. Nasainy nandalo ny taonany izy ireo.

212 Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, tonga . . . Taorian'ny taona Wesleyana, dia tonga ny Pentekotista. Ary nandray ny Fanahy Masina izy ireo, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra.

213 Oadray, ireo Metodista, sy ireo Nazareana, ary ny Fahamasinana, manao hoe, "Oh, ny devoly izany." Ary hitanareo

ve izay nataonareo? Niteny ratsy ny Fanahy Masina ianareo. Ary hitanareo ve izay misy anareo androany? Marina izany. Ianareo, izay nataonareo marina tokoa. Azo antoka, nanao ianareo. Ary diso tamin'ny fandehanana tao amin'ny Hazavana ianareo.

214 Ary ankehitriny dia lasa tena matimaty ianareo Pentekotista, ity Taom-Piangonan'i Laodikia ity, hany ka naloan'Andriamanitra avy tao amin'ny Vavany ianareo. Marina. Marina tokoa izany.

215 Hoy ianareo hoe, "Mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ve ianao?" Eny, tompoko. "Efa mba niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ve ianao?" Eny, tompoko. Midera an'Andriamanitra aho ny amin'izany. Eny, tompoko. Efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, imbetsaka. Ary mino aho fa ny Herin'Andriamanitra izany. Eny. Tsy mino aho fa ny porofo voalohany, ankehitriny, dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Saingy mino aho fa misy ny Herin'Andriamanitra izay manao anareo hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ireo famantarana sy fahagagana mba hanaraka. Eny, tompoko.

216 Ary avy eo dia mametraka kalokalomborona tranainy iray ny devoly any, olona iray izay naneso sy nihetsika toy ny hoe nanana ny Fanahy Masina izy ireo. Ary ianareo Mpivahinin'ny Fahamasinana rehetra, sy Fahamasinana, sy Nazareana, ary ianareo rehetra, nitodika ka manao hoe, "Ooh, tsy mila ny anankiray amin'Izany aho. Ooh!"

217 Oh, mamindrà fo! Raha nanana ny Fanahy Masina ianareo, na ampahan'Andriamanitra tao amin'ny fonareo ambany, nohamasinina araka ny tokony haha-izy anareo, dia ho nahafantatra ianareo fa izany no Herin'Andriamanitra. Tsy nilaza ve Jesosy hoe, "Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra Ahy ihany koa"? Azo antoka. Raha ny fanamasinana no ampahan'ny Fanahy Masina izay nanadio sy nanamasina anareo; raha nanana an'Izany ianareo, dia ho nahafantatra ny sisa amin'Izany rehefa tonga Izany.

218 *Ity* tànana ity dia mahafantatra an'*ity* tànana ity. *Ity* loha ity dia mahafantatra an'*ity* tongotra ity. Ampahan'ny vatana izany.

219 Ary ny Baiboly dia nilaza fa misy fanomezam-pahasoavana sivy; mpaminany, mpampianatra, evanjelista, sy mpa-. . . sy ny sisa; ary—ary fandikana ny fiteny tsy fantatra, fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Hahafantatra ny kely tsirairay amin'Izany Izy.

220 Oh, mivaingana ianareo, "Tsy te-hanao na inona na inona amin'Izany aho." Fioo! Manomboka mafana ny eto, sa tsy izany? Izany no fahamarinana. Nahoana? Nahoana? Voarafitra ianareo. Ny fiangonanareo no niteny an'izany, ary izany no antony tsy ahafahanareo manao an'ilay izy.

221 Fa maro aminareo Metodista no nivoaka ka nahazo ny Fanahy Masina. Maro aminareo Batista no nivoaka ka nahazo ny Fanahy Masina. Eny, tompoko. Ianareo, ary maro aminareo Fahamasinana no nivoaka ka nahazo ny Fanahy Masina. Eny. Nahoana? Tsy nahoanareo izay nolazain'ny fiangonana. Nandeha tao amin'ny Hazavana ianareo. Amena. Tsy nahoanareo izay niseho. Fantatrareo fa avy amin'ny Tompo izany, ka nandeha tao amin'Izany fotsiny ianareo.

222 Avelao ilay antitra—avelao ilay ramatoa antitra hijanona any aoriana any, ny reniny antitra. Mihetsika tahaka ny reniny tany aoriana tany izy, mpijangajanga iray. Nandrafitra izy. Izany no tena fitsipiky ny fiandohan'ilay olana mihitsy, rehefa nandrafitra ny fiangonana Katolika. Avy eo dia nandrafitra tahaka azy ny fiangonana Loterana. Avy eo dia nandrafitra tahaka azy ny fiangonana Metodista. Avy eo dia nandrafitra ny fiangonana Batista. Ary ankehitriny dia misy rafi-pandaminana enina amby sivifolo amby eninjato samihafa. Ary nanao an'ilay zavatra iray ihany ny Pentekosta!

223 Voninahitra! Inona ny olana? Manaporofo Andriamanitra fa tsy ao anatin'ny rafi-pandaminana iray Izy. Ao anatin'ny Fanahy Izy, ny Fanahy Masina. Haleloia! Haleloia! Eny, tompoko.

224 Tsy Ahoany hoe inona ny rafi-pandaminanareo. Fahadalana izany. Mifandray amin'ny Katolisisma izany ary miverina ao, ary mijanona ao, ka mandray an'io marika iray ihany izay maha-izy azy io ianareo. Tsy nilaza ve ilay anjely hoe, "Mivoaha avy ao aminy, ry Oloko, ary aza mandray anjara amin'ny fahotany, dia handray anareo Aho"? "Aza mikasika an'ireo zavany tsy madio, dia handray anareo Aho," ny Fanahy Masina no miteny.

225 "Ary na iza na iza mandray ny mariky ny bibidia, na ny literan'ny anarany." Maniry aho ny hananantsika fotoana hidirana ao amin'izany; tapitra ny fotoako. Inona ny literan'ny anarany? Protestantisma. "Ndao isika hanao sary iray mitovy aminy. Ndao isika hanao rafi-pandaminana iray. Goavana mihitsy tahaka ny fiangonana Katolika ny fiangonantsika." Nalain'izy ireo ny zavatra rehetra. "Nanana an'ireo fiangonana goavana izy ireo, ary isika dia manana, ihany koa. Manana kilasy betsaka avy ao amin'ny tanàna isika, ao amin'ny fiangonantsika, tahaka ny ananan'izy ireo ao amin'ny azy. Ndao isika hanao sary iray ho an'ny bibidia." Ary inona no nolazain'ny Baiboly, izy dia "JANGA," ary izany dia "MPIJANGAJANGA," amin'ny alàlan'ny rafi-pandaminana.

226 Fa ilay Fiangonan'Andriamanitra velona dia afaka. "Izay nahafahan'ny Zanaka dia afaka tokoa." Mivoaha avy ao amin'izany! Aoka ho fenoina ny Fanahin'Andriamanitra.

> Rava ireo firenena, mifoha Isiraely,
> Ireo famantarana izay nolazain'ny Baiboly mialoha;

Voaisa ireo andron'ny Jentilisa, miaraka amin'ny tahotra manarona;
"Miverena, O ry niely, amin'ny anareo manokana."

Akaiky ny andron'ny fanavotana,
Raiki-tahotra ny fon'ny olona;
Aoka ho fenoina ny Fanahin'Andriamanitra, ny fanilonareo hadio sy hazava,
Miandrandrà! Akaiky ny fanavotana anareo. (Amena.)

227 Toy ny ahoana no isehoan'ireo zavatra! Izy no nilaza, amin'ny andro farany hoe, "Aza matahotra, ry ondry vitsy. Sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny Fanjakana," miara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra.

228 Ary ianareo Metodista, Batista, Presbyterana, izay naneso ny Pentekosta . . .

229 Ary, milaza aho, mila felaka tsara iray an'ny Filazantsara amin'ny fanao fahiny ny Pentekosta, satria mandrafitra izy ireo. Ireo tena Assemblées de Dieu dia niditra tao amin'ilay—ilay goavana indrindra an'ny Pentekosta, nikambana tamin'ny ligin'ireo fiangonana, ara-pototra sy tsy miraika mihitsy. Ary ny ratsy indrindra izay hany hitako nitondrana ny Fanahy Masina, saiky, dia tamin'ny alàlan'ireo mpitory teny Pentekotista. Noho izany dia aza mihevitra, hoe satria mikambana amin'ny fiangonana Pentekotista ianareo, dia voavonjy.

230 Rehefa natao batisa marina tokoa tamin'ny Fanahin'Andriamanitra irery ihany ianareo vao voavonjy, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mikambana Aminy ao amin'ny Herin'ny Fitsanganany, mandroso miaraka amin'ny famantarana sy fahagagana, manaraka an'io Fanahy io na aiza na aiza Alehany. Nanaraka an'ireo mpaminany ireo famantarana. Nanaraka an'i Jesosy Kristy ireo famantarana. Nanaraka an'ireo apostoly ireo famantarana. Hoy Izy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka azy ireo," mandra-Piveriny indray.

"Izany ve no nolazain'Izany, Rahalahy Branham?"

231 "Mandehana any amin'izao tontolo rehetra izao ianareo, ka torio amin'ny firenena rehetra ity Hery sy fanehoana ity." Ary misy roa ampahatelon'izany, mbola, no tsy nandre an'Izany mihitsy. "Ary izao famantarana izao no hanaraka azy ireo." "Azy ireo!" "Ny firenena rehetra!"

232 Voninahitra! Fioo! Oh, oadray! Hihevitra angamba ianareo fa adala aho. Rahalahy, teneniko aminareo, tiako ity fivavahana tsara an'ny andro fahiny ity. Eny, tompoko, mampifikitra anareo ao amin'ny Kristy!

233 Ankehitriny dia hitanareo ve hoe inona ilay mariky ny bibidia? Mariky ny fihemorana izany. Izany dia olona iray

izay . . . mieritreritra fotsiny, hoe, "Eny, mikambana amin'ny fiangonana aho, ary tsara mihitsy tahaka an'ilay olona manaraka aho. Tsy mikambana amin'ity fiangonana ity ve aho?" Ary fantatrareo ve, aiza ny fiangonana rafi-pandaminanareo izay iankinanareo, avy aiza izy? Fantatrareo ve?

234 Hoy ny Baiboly hoe, "Izay miankohoka amin'ny bibidia, mandray ny marikany, na ny literan'ny anarany," diniho ankehitriny, "eo amin'ny handrina na tànana," izany hoe *fahalalana* na *asa*. Izany dia tsy midika hoe manana tombokavatsa goavana iray ianareo eo amin'ny tarehy. Tsy voatery ho izany ilay izy. Tsy miresaka ny ety ivelany izany. Miresaka ny ara-panahy izany.

235 Ary diniho izy ka jereo izay fantany mikasika ny Soratra. Henoy izy dia jereo hoe aiza no andehanany. "Raha misy olona tsy manana an'ity Foto-pampianarana ity, dia tsy misy Hazavana ao anatiny," hoy ny Baiboly. Hitanareo? Hitanareo? Diniho hoe aiza no andehanany. Diniho izay ataony.

236 Hoy izy hoe, "Eny, izaho—mikambana aho. Protestanta aho. Eny, tompoko. Izaho—mikambana amin'*ity* fiangonana anankiray ity aho. Eny, tompoko." Nefa ny Alahady dia saiky manaja azy betsaka fotsiny ianareo mba hidirana ao hialana amin'ny orana. Mandeha eo izy, raha tokony handeha hankany amin'ny fivoriam-bavaka, dia hakatonareo ilay fiangonana, ary mipetraka ka mijery televiziona. Mandeha eto izy dia misotro sy manao hadalana, ary mihetsika tahaka ny sisa amin'izao tontolo izao, kanefa mikambana amin'ny fiangonana izy. Tsarovy, izany no mariky ny fahotana.

237 Ankehitriny dia ndao isika hamaky lavidavitra kely, haingana mihitsy, ary avy eo dia hamarana aho. Nihoatra ny fotoana isika. Ndao isika hamaky ny andininy faha-6 ankehitriny.

> *Ary hitako ilay vehivavy* ankehitriny (ilay fiangonana) mamon'*ny ràn'ireo olo-masina,* . . .

238 "Mamon'ny ràn'ireo olo-masina." Fantatrareo, nilaza ny Baiboly, rehefa noravàna izy, fa ny mety maty rehetra izay maty, teto an-tany, dia hita tao amin'ny fiangonana Katolika ny heloka. Marina tokoa, tany amin'ny voalohany.

> . . . *sy tamin'ny ràn'ireo maritioran'i Jesosy: ary* . . . (Jaona no miteny ankehitriny) . . . *ary rehefa nahita azy aho, dia gaga indrindra*.

239 Nilaza i Jaona! Ankehitriny dia ndao jerentsika eto. Hoy i Jaona hoe, "Nijery azy aho; tena tsara tarehy izy, fiangonana goavana iray maha-te-ho tia. Nanana andiam-piangonana manontolo izay naterany izy, 'renin'ny mpijangajanga.' Dia nijery teo aho, ary ahoana no nahafahan'io vehivavy io . . . Nizara an'io foto-pampianarana sandoka io izy, nanao an'ireo mpanjaka rehetra sy lehilahy malaza ho lasa mamon'izany. Ary

indro ireo zananivavy fa manao an'ilay zavatra iray ihany. Fa, nijery azy aho; tena tsara tarehy izy!"

240 Nilaza ny toerana anankiray ao amin'ny Soratra hoe, "Mipetraka tahaka ny mpanjakavavy izy ary tsy mila na inona na inona." Hitanareo?

241 Ary noho izany izy, Jaona, dia nanao hoe, "Nidera azy aho. Nijery azy aho, ary nijery tamin'ny fiderana lehibe. Nidera azy aho."

> *Ary hoy ilay anjely tamiko hoe, Nahoana no gaga ianao? Hoteneniko aminao . . . Hoteneniko aminao ny zava-miafina ny amin'ilay vehivavy, sy . . . ny bibidia izay* mitondra *azy, izay manana . . . loha fito sy tandroka folo.*

242 Ankehitriny dia ndao jerentsika raha marina ny antsika. Raha marina ny antsika ny amin'ny Katolisisma, amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa manaraka azy ny Protestantisma. Noho izany ianareo dia manana . . . Ianareo, manana fahaizana betsaka ianareo hahafantarana an'izany, hitanareo. Diniho.

> *Ny bibidia* izay *efa hitanao dia teo, . . . tsy eo; ary eo . . .*

243 "Ny bibidia." Diniho ankehitriny. Ankehitriny dia hahamarika ianareo eto, voalaza hoe firy ireo mpanjaka; firy no lavo, tsy maintsy tonga ny anankiray.

> *. . . ary niakatra avy tao amin'ny lavaka tsy hita noanoa, . . .*

244 Tsy eo ambonin'ny Baiboly! Avy tao amin'ny andiana finoanoam-poana no nanaovana azy. Tsy misy fototra ho an'izany. Aiza no ahitanareo ny "afo fandiovana"? Aiza no ahitanareo an'io "tsy mihinan-kena" io, sy "ny pretra tsy manambady," ary ireo zavatra hafa rehetra izay ataon'izy ireo, "fiaikena"? Aiza no ahitanareo an'izany? Tsy misy toerana na aiza na aiza ahitana an'izany. Avy any amin'ny helo izany. Ny Baiboly no niteny an'izany. Izany dia nivoaka, ilay bibidia, ilay hery, ilay foto-pampianarana izay nananany hoe, "Nivoaka avy tao amin'ny lavaka tsy hita noanoa."

> . . . ary mandeha *mankany amin'ny fahaverezana: . . .*

245 Aiza no misy ny "fahaverezana"? Ny Helo. Miverina avy hatrany mankany amin'ilay toerana nihaviany.

> *. . . ary ireo izay monina* ambonin'*ny tany dia ho gaga, ireo izay tsy manana ny anarany voasoratra ao amin'ny boky . . . hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa* nijery *an'ilay bibidia izy ireo* izay *teo, . . . tsy eo, ary mbola eo.*

246 Ankehitriny, hoy ny fiangonana Protestanta hoe, "Eny, ahoana no hampety an'izany, nefa hoy izy ireo hoe, 'Mino an'i

Jesosy Kristy aho. Izy no Mpamonjiko manokana'?" Ny devoly dia mino, ihany koa, rahalahy.

247 Tsy maintsy ho fahaterahana iray indray izany, Fahaterahana vaovao, nateraka indray. Ary rehefa nateraka indray ianareo, dia apetraka ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaranareo.

248 Hoy ianareo hoe, "Manontany aho matetika. Eny, inona, tsy tsara tahaka ny olon-kafa ve aho? Tsy tsara tahaka ny andianareo holy-rollers tsy misy ati-doha ve aho? Mba mahay aho. Izaho dia manana an'ireo ao . . . Manana diplaoma aho. Nivoaka avy tamin'ny kolejy iray aho. Avy tamin'ny fianakaviana tsara iray aho. Mambram-piangonana ny havako, talohako. Tsy tsara tahaka anareo ve aho?"

249 Izao no voalaza hoe, "Izao tontolo rehetra izao," Protestanta sy ny rehetra, "dia gaga," afa-tsy ireo rehetra izay nanana ny anarany voasoratra tao amin'ny Boky.

250 Nahoana no voasoratra ireo anarana? Taranak'i Abrahama izy ireo, "ary mpandova araka ny teny fikasana, voafidy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Izany no antony tsy nahagaga azy ireo. Mariho eto, ankehitriny dia diniho izay nolazainy. Diniho ireo ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry.

Ary indro ny hevitra izay misy *fahendrena*.

251 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo aho. Iray amin'ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina ve ny fahendrena? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina ve izany? Firy no mino fa ny Baiboly, Korintiana Voalohany 12, dia mampianatra fa amin'ireo fanomezam-pahasoavana sy ny rehetra ao amin'ny fiangonana, dia fahendrena, ndao jerentsika, no iray amin'ireo fanomezam-pahasoavana? Eny, ahoana no ahafahanareo hilaza fa tsy misy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra arak'izany? Ahoana no ilazanareo fa tsy misy ny fandikana fiteny tsy fantatra? Ahoana no ahafahanareo hilaza, fa tsy misy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra? Satria ilay vatana iray ihany . . . Raha vatana iray aho, manana tànana iray eo amin'*ity* ilany ity, ary tànana eo amin'*ity* ilany ity, ary tongotra *eto*, dia ahoana no ahafahanareo milaza fa ny tànana no izy, fa tsy tongotra? Efa renareo ve izay nolazain'i Paoly?

252 Diniho ankehitriny, miresaka izy amin'ny andro farany, mivantana amin'ilay Vatana, nanao hoe, "Ity dia ho an'izay manana fahendrena." Oh, tiako ity. Oh, oadray! Hanaitra anareo ity. Henoy ity. Eny àry. "Ity no fisainana izay manana fahendrena." Raha tsy tonga ho an'ny taona rehetra ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina ireo, dia nahoana izy no niresaka an'ity ho an'ny andro farany arak'izany? Raha tsy hisy ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fiangonana,

amin'ny andro farany, dia nahoana izy no nandefa an'ity ho an'ny andro farany arak'izany? "Ity dia ho an'izay manana fahendrena."

. . . Ireo loha fito dia tendrombohitra fito, izay ipetrahan'ilay vehivavy.

253 Havoana firy? Tanàna firy eto amin'izao tontolo izao, na izany aza, no ipetrahan'ny fiangonana iray eo ambonin'ny havoana fito? Anankiray ihany. Aiza izany? Ny Tanànan'i Vatican ao Roma. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nilaza ny Baiboly fa ity janga mahatsiravina izay nanao an'izao tontolo rehetra izao hijangajanga ity, ary namokatra andiana zanakavavy kely mba hampianatra saiky ilay zavatra iray ihany izay nataony; tsy ratsy tahaka azy izy ireo, saingy mpijangajanga izy ireo. Nampianatra azy ireo an'ilay zavatra iray ihany. Voalaza hoe, "Ny fiandohan'izany dia vehivavy iray," na fiangonana iray, "mipetraka eo ambonin'ny havoana fito," ao Roma. Nikaroka nanerana an'izao tontolo izao aho; teneno amiko izay misy an'izany, "fiangonana iray mipetraka eo ambonin'ny havoana fito." Ankehitriny dia izao no vakiako avy ao amin'ny Baiboly.

Ary misy mpanjaka fito: lavo ny dimy, . . .

254 Raha nandray ny tantara isika, ka niverina avy hatrany ary naneho an'izany, izay nahalavo an'ireo mpanjaka, tao Roma, hatramin'ny fanjakan'i Babylona.

. . . misy ny anankiray (Néron), *ary* ny anankiray *ho avy; ary . . . tsy maintsy manohy fotoana fohy izy* (eo amin'ny enim-bolana eo) rehefa tonga izy.

255 "Ary ilay bibidia . . . " Ooh! Jereo ity. Ankehitriny dia haka ny toeran'ny mpanompo sampy ilay hery.

Ary ilay bibidia izay teo, ary tsy eo, dia . . . no fahavalo, (diniho ankehitriny) *ary avy amin'ilay* fahafito*, . . .*

256 Ianareo rehetra dia mahafantatra hoe mpanjaka iray mahatsiravina toy ny inona izy. Izy dia na-. . . Namatotra ny reniny teo amin'ny hazo ziogan-tsoavaly izy ka nitaritarika azy nanerana an'ireo làlambe, ary nandoro an'ilay tanàna, ka nitendry lokanga teny ambonin'ny havoana. Izany ilay karazana fanahy iray ihany izay manapaka an'ilay fiangonana izay mipetraka eo amin'ny toeran'ny mpanompo sampy. "Ilay fahavalo, izay avy amin'ilay fahafito. Ary avy eo dia eo izy, ary tsy eo; ary eo, ary tsy eo; ary eo, ary tsy eo," mitohy.

. . . ary mandeha mankany amin'ny fahaverezana.

257 Mitohy hatrany amin'ny fotoan'ny Fihavian'ny Tompo mihitsy, ary atsipy ao amin'ny helo izy.

Ary ireo tandroka folo izay hitanao dia mpanjaka folo, izay tsy mbola nandray fanjakana *akory; fa mandray*

fahefana toa mpanjaka ora iray miaraka amin'ny bibidia.

258 Oh, raha manana fotsiny isika . . . "Tsy mbola nandray fahefana akory." Tsy mpanjaka izy ireo. Izy ireo tsy nanana . . . Tsy afaka izy ireo. Tsy nanana satroboninahitra ireo tandroka. "Nandray fahefana toa mpanjaka izy ireo." Inona izany? Mpanao didy jadona; tsy mpanjaka voaisy satroboninahitra. Mpanao didy jadona! Oh, oadray!

259 Ankehitriny, oh, rehefa mamaky an'ity aho, dia mitroatrampifaliana ny foko matetika, eny àry, rehefa mieritreritra aho hoe ahoana fa miaina ao amin'ny andro farany isika eto.

Ary ireo tandroka folo izay hitanao dia mpanjaka folo, izay tsy mbola nahazo fanjakana akory; fa mandray fahefana toa mpanjaka ora iray miaraka amin'ny bibidia.

Ireo dia miray saina, ka hanome ny fahefany sy ny heriny ho *an'ilay bibidia.*

Ireo dia hiady amin'ny Zanak'ondry, ary ny Zanak'ondry haharesy azy ireo: . . .

260 Eo no tonga ny Adin'i Haramagedona; vonona ho an'ny Arivo taona.

. . . satria izy no *Tompon'ny* tompo, *sy* ny *Mpanjakan'ny* mpanjaka: . . . (aza mihozongozona) . . . *ary ireo izay momba azy dia voantso,* ny *voafidy, . . .*

261 Tsy ianareo; Izy no nifidy. Raha manana ny Fanahy Masina ianareo, dia tokony hihiakiaka fandresena. Andriamanitra no nifidy anareo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Raha tsy afaka mahita ny Hazavan'ny Filazantsara ianareo, izany dia satria ianareo—jamba fotsiny ianareo.

. . . voafidy, ary mahatoky.

Ary izy nanao *tamiko hoe, Ireo rano izay hitanao, izay* ipetrahan'*ilay janga, dia vahoaka, . . . vahoaka betsaka, sy firenena, ary fiteny.*

262 Amin'ny teny hafa, ity vehivavy mipetraka eto ity, ilay fiangonana, dia hizara ny foto-pampianarany amin'ny vahoaka rehetra, vahoaka betsaka, ary fiteny. Io izy. Izy no nifehy azy ireo. Mipetraka eo ambonin'izy ireo izy, ilay hery izay manapaka azy ireo. Mipetraka eo ambonin'ny havoana fito izy, mitafy jaky, miravaka ho ilay manan-karena indrindra eto amin'izao tontolo izao. Io izy.

Ary ireo tandroka folo izay hitanao eo ambonin'ilay bibidia, ireo dia . . .

263 Diniho ankehitriny, tonga eo amin'ireo herin'ny kominisma ianareo.

. . .ireo dia hankahala an'ilay janga, sy hahatsinontsinona sy hampitanjaka azy, ary hihinana ny nofony, ka handoro azy amin'ny afo.

Fa Andriamanitra efa *nametraka* tao *am-pon'izy ireo ny hanatanteraka ny sitrapony, sy hifanaraka, ary hanome ny fanjakany ho an'ilay bibidia, mandrapahatongan'ny tenin'Andriamanitra . . .ho tanteraka.*

264 Haleloia! "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny Tenin'Andriamanitra tsy ho levona mihitsy." Jereo!

. . .ilay vehivavy izay hitanao . . .

. . .ilay vehivavy izay hitanao dia ilay tanàna lehibe, izay manjaka amin'ireo mpanjakan'ny tany.

265 Anehoy tanàna iray aho eto amin'izao tontolo izao izay manjaka amin'ny mpanjakan'ny tany, amin'ny fomba rehetra izay tianareo, ankoatry ny ambaratongam-pahefana Katolika ao Roma, mipetraka eo ambonin'ny havoana fito. Tsy misy tanàna anankiray, ary tsy nisy mihitsy, ary tsy hisy mihitsy; ankoatr'ilay Tanàna Vaovao izay avy any An-danitra. Marina izany.

266 Ankehitriny, iray minitra fotsiny. Tiako ny haneho aminareo an'ity indray, mba ho tsara fanahy sy hitahy antsika miaraka anie ny Tompo raha mamaky an'ity isika. Eny àry. Diniho eto ankehitriny, mamaky ny toko faha-13 aho. Manomboka amin'ny andininy faha-15 aho.

Ary nanana hery hanome aina an'ilay sary izy . . .

267 Ao Etazonia izany, izay hitantsika nitsangana, hitanareo, sary iray.

. . .mba hitenenan'ilay sarin'ny bibidia, sy hampamono an'izay rehetra *tsy mety hiankohoka amin'ny sarin'ny bibidia.* (Izany ilay ankivy.)

Ary izy nanao *ny rehetra, na kely na lehibe, manan-karena na mahantra,* andevo *na* afaka, *handray marika eo amin'ny tànany ankavanana, na eo amin'ny* anoloa . . .-handriny.

Ka mba tsy hisy olona afaka hividy na *hivarotra, afatsy izay nanana ny marika, na ny anaran'ny bibidia, na ny isan'ny anarany.*

268 Diniho ankehitriny, ankehitriny, tsara ankehitriny, tsara mihitsy, alohan'ny hamaranantsika. Ny andininy faha-18. Henoy.

Indro ny fahendrena.

269 Hitanareo ve ny Fanahy Masina izay miantso an'ireo mpino amin'ny andro farany? Io vondrona kely eo io, miteny, miantso an'ilay vondrona kely amin'izao andro izao hoe, "Indro ho an'izay manana fahendrena ao amin'ny fiangonana. Aoka izy hahazo an'ity."

> . . .*Aoka izay* manana *fahazoana hanisa ny* isan'*ny bibidia: fa* izany dia *fanisan'olona,* (tsy firenena) *olona; ary ny isany dia Enina amby enimpolo amby eninjato.*

270 Ary eo ambonin'ny Tanànan'i Vatican mihitsy . . .Aza miteny amiko ankehitriny; izaho dia manana ny *Facts Of Our Faith,* sy ny rehetra, hitanareo. Eo ambonin'ny Tanànan'i Vatican, ary ilay papa dia mitsangana ho "ny solontenan'ny Zanak'Andriamanitra." Manana sakaiza Katolika aho mipetraka eto mihitsy, izay efa Katolika, mipetraka eto ary mahafantatra fa izany no fahamarinana. Ny havako, angamba, talohako, dia Katolika, ihany koa. Hitanareo?

271 Izy ireo dia niantso an'i Masindahy Patrick ho Katolika iray, nefa tsy Katolika iray mihitsy izy. Nilaza fa olo-masina iray i Jeanne d'Arc; nefa ireo pretra no nandoro azy ho toy ny mpamosavivavy iray. Tsy mahagaga raha hoy Jesosy hoe, "Mandoko fotsy ny fasan'ireo mpaminany ianareo, nefa ianareo no nametraka azy ireo tao, rindrina voalalotra fotsy ianareo." Marina izany.

272 Diniho, fanisan'olona izany. Ary eo ambonin'ilay papan'i Roma, dia voasoratra hoe, "VICARIVS FILII DEI." Voasoratra amin'ny litera Romana izany. Ianareo ihany mihitsy no aoka hanoratra an'izany, rahampitso. V, I, C, I, R, oh, tohizo fotsiny izany, amin'ny litera Romana, dia sintony ny tsipikareo ka atambaro izany, ka jereo izay azonareo: enina amby enimpolo amby eninjato. Aiza izy no mipetraka? "Eo ambonin'ny havoana fito."

273 Ary avy ao no ihavian'ny rafi-pandaminan'ny fivavahana, izay nampianatra dogma raha tokony ho ny Baiboly. Ary nipoitra avy tao amin'izany ireo Protestanta, ka manao an'ilay zavatra iray ihany mihitsy izay ataon'izy ireo, satria Izao no voalaza hoe izy dia "JANGA," ary izy ireo dia "MPIJANGAJANGA." Mivoaka miaraka amin'ny batisa sandoka, miaraka amin'ny fivavahana sandoka, miaraka amin'ny fiheverana sandoka mikasika ny Fanahy Masina, miaraka amin'ny fiheverana sandoka mikasika ny helo, ary ireo zavatra rehetra tahaka an'izany ireo, ary manaraka mihitsy an'ireo dian-tongotra ny Protestanta.

> Fa hisy Hazavana amin'ny andro hariva,
> Ny làlan'ny Voninahitra dia azo antoka fa ho hitanao; (Marina izany.)
> . . .làlana, no Hazavana amin'izao andro izao,
> Voalevina ao amin'ny Anarana sarobidin'i Jesosy.
> Tanora sy antitra, mibebaha amin'ny fahotanareo rehetra,
> Ny Fanahy Masina dia azo antoka fa hiditra ao;

Tonga ireo Hazavan'ny hariva,
Zava-misy ny hoe Andriamanitra sy Kristy dia Iray. (Amena!)

274 Rahalahy, miteny aminareo aho, ireo Hazavan'ny hariva no mamiratra. Ilay Foto-pampianarana apostolika iray ihany, ilay batisa apostolika iray ihany, ilay famenoan'ny Fanahy Masina apostolika iray ihany, ireo famantarana sy fahagagana apostolika iray ihany, no mitsirika manerana eo amin'ny Jentilisa; tahaka ny nataon'izy ireo tamin'ireo Jiosy, tany aoriana tany tamin'ny vao maraina, eto ilay izy dia amin'ny filentehan'ny masoandro.

Misy olona saiky hatraiza hatraiza,
Izay miredareda tanteraka ny fony
Amin'ilay Afo izay nilatsaka tamin'ny Pentekosta,
Izay nanadio ka nanao azy ireo hadio;
Oh, mirehitra ao anatin'ny foko Izany ankehitriny,
Oh, voninahitra ho an'Ny Anarany!
Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.

Isan'izy ireo, isan'izy ireo aho,
Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho;
Isan'izy ireo, isan'izy ireo,
Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.

Niangona tao amin'ny efitra ambony izy ireo,
Ny rehetra nivavaka tamin'Ny Anarany,
Vita batisan'ny Fanahy Masina izy ireo,
Sy ny Hery satria tonga ny asa;
Ankehitriny izay Nataony ho azy ireo tamin'io andro io
Dia izany ihany no Hataony ho anao,
Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.
(Ary ianareo?)

Avia, ry rahalahiko, hitady an'io fitahiana io
Izay hanadio ny fonao amin'ny fahotana,
Hanomboka hampaneno an'ireo lakolosim-pifaliana izany
Ary hihazona ny fanahinao hirehitra;
Oh, mirehitra ao anatin'ny foko izany ankehitriny,
Oh, voninahitra ho an'Ny Anarany,
Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.

275 Oh, ho an'ity Filazantsara be voninahitra ity!

Mitete rà izany, eny, mitete rà izany,

276 Isao ny vidiny! "Raha hanaraka Ahy izy, dia aoka izy handà ny tenany, hitondra ny hazo fijaliany," fahafatesana, "ka hanaraka Ahy."

Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà.

Ny maty voalohany ho an'ity planin'ny Fanahy Masina ity,
Dia Jaona Mpanao-batisa, saingy maty toy ny lehilahy iray izy;
Avy eo dia tonga ny Tompo Jesosy, nohomboan'izy ireo Izy,
Nitory Izy fa ny Fanahy no hamonjy ny olona amin'ny ota.

Nisy an'i Petera sy Paoly, ary Jaona ilay masina,
Nanolotra ny ainy izy ireo mba hahafahan'ity Filazantsara ity hamirapiratra;
Nafangaron'izy ireo ny ràny, tamin'ireo mpaminany fahiny,
Mba hahafahan'ilay Tenin'Andriamanitra marina ho voalaza marina.

Avy eo dia notorahan'izy ireo vato i Stefana, nitory nanohitra ny ota izy,
Nanao azy ireo ho tena tezitra izy, nopotehin'izy ireo ny ati-dohany;
Saingy maty tao amin'ny Fanahy izy, natolony ny fanahy,
Dia nandeha nikambana tamin'ireo hafa, io vahoaka mpanome-aina io.

Mitete rà izany, eny, mitete rà izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitohy mitete rà,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia nitohy mitete rà.

Ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, dia miantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana?"
No hanasazian'ny Tompo an'ireo nanao ratsy; (Maneso, hitanareo. Oh, oadray!)
Fa mbola hisy maro ireo izay hanome ny ràn'ny ainy
Ho an'ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity sy ny koriany mena.

Mitete rà izany, eny, mitete rà izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitohy mitete rà,

Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà.

277 Ndao isika hitodika, hifandray tànana ankehitriny.

Mitete rà izany, eny, mitete rà izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà.

278 Tianareo ve ny Tompo? Ny Tompo hitahy anareo.

279 Ray, mivavaka izahay mba Hitahianao an'ity mpanatrika ity, ka enga anie izy ireo handeha hody mifaly. Enga anie izy ireo hanatona an'ilay Loharano feno Rà, nosintonina avy tamin'ny làlan-dràn'Imanoela. Enga anie izy ireo handao an'ilay momba ny fiangonana antitra rehetra, ka ho tonga ary handray ny Fanahy Masina. Mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Andriamanitra hitahy anareo. Veloma. Homba anareo anie Andriamanitra.

Ny Mariky Ny Bibidia MAG54-0513
(The Mark Of The Beast)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alakamisy hariva, 13 May, 1954, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2023 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org